## TSIROANOMANDIDY 4

# MIARAMILA HITA FATY TANY ANATY RANO NIHANTONA TENY AMBONY HAZO NY BASINY

## MARINA IZANY ! 2

### MBOLA TSY AFAKA MISIOKA !

## RAMATOA BEVOHOKA 5

### NOTSATOHAN'NY VADINY ANTSY, MATY ILAY ZAZA TAO AN-KIBONY


# Gazetiko

www.gazetiko.mg


## CENI 3

## FIFIDIANANA DEPIOTE

### NAHARAY FITARAINANA 23


**Laharana 7844** Taona faha-25 **Vidiny : 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 13 aprily 2024


## Tsaroako ilay"... 6

## R.MAMY OLIVIER

### LATSAKA TAO ANATY "DALLE" TEO AMPEFILOHA




## CUA - ANTANANARIVO RENIVOHITRA 3


# NAATON'NY FITSARANA NY FITAKIANA MIVANTANA NY HABAN-TSENA




## BASKET - POON VONIMANITRA 16

### EFATRA TAONA NY NAHAMPILALAO MATIHANINA AZY TATSY MAURICE

Imbiki Herilaza

# Kandidà depiote any Sainte Marie

*Kandidam-panjakana any amin'ny distrikan'i Sainte Marie.*



Ny kandidà Imbiki Herilaza. ( sary tahiry )

Anisan'ireo kandidà hifaninana, amin'ny 29 mey ho avy izao ny minisitry ny fitsarana teo aloha, Imbiki Herilaza. Itsy farany izay tsiahivina fa nangina tanteraka taorian'ny fanapahan-kevitra noraisin' ny mpitondra, nanala azy tsy ho mpikambana tao amin'ny governemanta, nandritra ny fotoam-piasana voalohan'ny filoham-pirenena. Araka ny loharanom-baovao maripototra avy any an-toerana dia saika hirotsaka amin'ny anaran'ny tsy miankina io minisitra teo aloha io, saingy taorian'ny fifampiresahana tamin'ny mpanapa-kevitra dia kandidam-panjakana any amin'ny distrikan'i Sainte Marie. Tsiahivina fa toerana iray ny an'ny solombavambahoaka any amin'io distrika io. Araka ny loharanom-baovao etsy ambony dia nirotsaka amin'ny anaran' ny tsy miankina ny depiote mbola am-perinasa voafidy tany amin'io distrika io.

**Miantso ny filoham-pirenena!**

Efa miresaka kandidà ho solombavambahoaka ihany dia nilahatra sy nitondra sora-baventy, omaly ny mpomba n'i M. Sylvestre, kandidà efa nahatafapetraka ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiany tany amin'ny distrikan'i Vangaindrano, saingy nosamborin'ny mpitandro filaminana ary nentina aty an-drenivohitra ary nahazoam-baovao fa nampidirina am-ponja vonjimaika eny Antanimora. Amin'ireo mpomba azy dia fanalambaraka no nihatra tamin'io kandidà io ka nanaovan'izy ireo antsoavo amin'ny filoham-pirenena sy ny Praiminisitra, mba hamaha io olana io. Araka ny tsiliantsofina dia raharaha mahakasika io kandidà io, eny amin'ny fitsarana no anton' izao nisamborana azy izao. Tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa kandidà ho solombavambahoaka iray efa nahatafapetraka ny antontantaratasy filatsahan-kofidiany, tany amin'ny distrikan'i Nosy Be ihany koa no nosamborina ary voalaza fa nentina aty an-drenivohitra. **V.R.**

## Marina izany !

### Mbola tsy afaka misioka!

**Dingana iray aloha no vitan'ny kandidà efa nahatafapetraka ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiany. Aorian' izay dia ny vaomiera manokana misahana ny fididianana no handinika ireo antontan-taratasy ireo ary ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana no tompon'ny teny farany. Ny eny Ambohidahy izany no hamoaka ny anaran' ireo kandidà afaka hifaninana, amin'ny 29 mey ho avy izao. Ny dikany, mbola tsy afaka misioka ny kandidà, indrindra ireo natolotry ny vovonana hafa, ankoatry ny manohana ny mpitondra satria mbola tsy tafavoaka ny ala na dia efa nahazo taratasy fanamarinana aza fa tafapetraka ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiany. Tsy mbola tokony hilamin-tsaina sy hieritreritra fampielezan-kevitra izany izy ireo, raha tsy efa voasoratra ao anatin'ny lisitra avoakan'ny fitsarana avo momba ny lalam-panorenana ny anarany. Mipetraka ireo ahiahy ireo, rehefa nahita ny fitarainana samihafa nianjady tamin'ny kandidà, mirotsaka amin'ny anaran'ny antokony na ny tenany manokana. Toy izany koa ireo natolotry ny vovonana firaisankina sy ny kolektifan'i Madagasikara. Kandidà vitsivitsy mantsy ohatra no niharan'ny sakantsakana nandritra ny fotoana namoriana ny dosie notakiana. Nisy ny tsy afaka nirotsaka tanteraka. Ireny izany efa namoy fo satria tsy nisy azo natao intsony. Nisy kosa ny noraisina ihany ny dosieny, rehefa nifandrirarira teny na nampiakatra ny raharaha ambonimbony kokoa. Ny tsy takona afenina dia saika pôlitika sy tahotry ny tsy fahatokisan-tena, sao tsy hahazo vato mihoatra noho ny an'ny mpanohitra no tao ambadiky ny sakantsakana. Ary indrindra sesilany ny baiko. Antony ilazana fa mbola mety hampiasa ny dingana ambonimbony kokoa izy ireo, ahatongavana amin'ny tanjona !**

**Voahangy Rakotozafy**

Minisitry ny fampianarana ambony

# Kandidà IRMAR any Ampanihy noho ny fahatokisan'ny mpitondra azy



Ny minisitry ny fampianarana ambony ( eo afovoany), kandidà any Ampanihy.

Nanome aina vaovao ny minisiteran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa ny nitantanan' Atoa Razafiharison Andriamanantena io departemanta ministerialy io. Betsaka ny zava-bita, raha tsy hiteny afa tsy ny fanorenana fotodrafitrasam-pampianarana manakaiky vahoaka, izay araka ny loharanombaovao akaiky ny minisitera mpiahy dia hotokanana atsy ho atsy, raha efa vita tanteraka ny any Analanjorofo. Toy izany koa ny oniversite any Itasy. Tombony ny fametrahana ny fampianarana manakaiky ny vahoaka, araka ny vinan'ny fitondrampanjakana mba hanamaivanana ny vesatra sedrain'ny raiamandreny sady mitondra fampandrosoana ho an'ny faritra misy azy ihany koa. Marihina fa natao voalohandraharaha ny fanomezana fiofananana mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena ny mpampianatra. Fanofanana izay mamaly sy mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena.

**Mpampianatra avy any ivelany!**

Anisan'ny ezaka vitan'ny minisitera ihany koa ny nahavitan'ny fiaraha-miasa amin'ny mpampianatra avy any ivelany, hampianatra any amin'ny oniversiten' Itasy sy Analanjirofo. Voakasik'izany ny "Université de La Rochelle, Institut de Physique du Globe de Paris", ny "Université de Kyoto"; ny " JICA – Ambassade du Japon"; ny " SES (Senior Expert Service) avy amin'ny Ambassade d'Allemagne ary ny " Université de Liège-Belgique". Noho ireo asa vita sy ireo dia anisan'ny nametrahan'ny mpiotondra fahatokisana ny minisitry ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa. Antony nahatonga an'Atoa Razafiharison Andriamanantena natolotra ho kandidàn'ny IRMAR, any Ampanihy, faritra Atsimo Andrefana. Fanapahankevitra nahazoam-baovao fa mizotra mankany amin'ny fanatanterahana ny fametrahana ho faritra vaovao an'i Mahafaly. **V.R.**

Tojosoa Idéal Randrianasolo

# Kandidàn'ny vovonana IRMAR any Vangaindrano



Ny kandidà Tojosoa Idéal nanatitra ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiny.

Isan'ireo kandidà atokisan' ny fitondrana ankehitriny ! Randrianasolo Tojosoa Idéal no nisalotra ny fanevan'ny Vovonana Isika Rehetra Miaraka amin'ny Andry Rajoelina IRMAR any amin' ny distrikan'i Vangaindrano. Ny alatsinainy 8 April 2024 lasa teo ity kandidà solombavambahoaka avy amin'ny fitondrana ity no nametraka ny antotan-taratasy firotsahan-kofidiany ho solombavambahoaka tao amin'ny OVEC Vangaindrano. Tonga nanotrona azy tamin'izany ireo mpiray lisitra amin'ny anaran'ny vovonana tarihiny narahin'ny Ampanjaka sy Lonaky avy ao Vangaindrano, ary ny solontena avy amin' ireo kaominina 31 ao amin'ny distrikan'i Vangaindrano. Raha tsiahivina dia Atoa Tojosoa Idéal RAndrianasolo no Filoha mpanorina ny « Association Vangaindrano Mandroso ». Fantatry ny vahoaka amin'ny fanaovana asa soa any amin'ny distrikan' i Vangaindrano ny lehilahy. Vonona hitondra ny anjara birikiny amin'ny fampandrosoana an'i Vangaindrano sy hitondra ny hetahetan'ny vahoaka. Aleo ny vahoaka no hitsara, hoy izy, fa « *Isika efa vonona amin'ny hazakazaka hisolo tena ny vahoaka eny Tsimbazaza.* » Nangatatsodrano tamin'ny Ampanjaka sy Lonaky, Ray aman-dReny nipoirana ny kandidà Tojosoa Idéal ny Alarobia 10 Aprily teo. Ary nandritra izany no nanolorany omby lahy mazava loha ho an'ny mponin'i Betoafo ho mariky ny nofokena mitam-pihavanana, narahina lelavola ho soloranom-boakazo. Araka ny loharanom-baovao avy any an-toerana dia kandidà sivy no nandrotsaka ny antontan-taratasy firotsahan-kofidina ho solombavambahoaka ao amin'ny distrikan'i Vangaindrano.

**Niry R.**

CUA

# Naaton'ny fitsarana ny fitakiana mivantana ny haban-tsena

*Nivoaka omaly ny didy, setrin'ny fitoriana napetraky ny mpanolotsain' ny kaominina, Lalatiana Ravololomanana.*

Tsy nitarazoka ny famoahan' ny fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana ny didy, setrin'ny fitoriana nataon'ny mpanolotsaina eo anivon'ny kaominin'Antananarivo Renivohitra, Lalatiana Ravololomanana nangataka ny fampiatoana ny fitakiana mivantana, amin'ny mpivarotra ny haban-tsena. Raha tamin'ny 25 marsa lasa teo mantsy no tafapetraka, teny amin'ny « tribunal administratif » ny fitoriana dia omaly no nivoaka ny didy, nampiato ny fitakiana mivantana amin' ny mpivarotra ny vola saran' ny haban-tsena. Taorian'ny didy dia nisy ny valandresaka ho an'ny mpanao gazety nataon'ny mpanolontsain'ny tanàna Lalatiana Ravololomanana teny amin'ny Immeuble Vitasoa Analakely, izay nanehoany ny fahafaham-pony. « *Nahazo rariny teny amin'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana isika ka miato ny naoty navoakan'ny filohan'ny delegasiôna manokana, mitantana vonjimaika ny tanànan' Antananarivo Renivohitra nanome alàlana ilay fitakiana mivantana ny haban-tsena. Izany hoe mitohy hatrany ny fampiasana ilay karatra biômetrika nampiasaina teo aloha izay tantanin'ny orinasa SMGD* », hoy io mpanao politika sady olom-boafidy teto an-dRenivohitra io tamin' izany.

**Andrasana izay ho tohin'ny raharaha**

Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe: Ho tonga amin'ny fanafoanana tanteraka ilay naoty ve ny didy havoakan'ny fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana? Hatramin'ny omaly dia mbola tsy nandrenesam-peo ny filohan'ny delegasiôna manokana, Richard Ramanambitana. Taorian'ny nivoahan'io didim-pitsarana io dia naneho hevitra kosa ny sendikàn'ny mpiasa ao amin'ny kaominina ary nilaza fa ny fakana mivantana ny vola saran'ny haban-tsena no nahafahana nandoa ara-potoana ny karaman'ny mpiasa eo anivon'ny kaominina. Ny dikany, raha hijery ny maha olona sy ny tombontsoan'ny mpiasa dia tsy tokony nanao ny naoty navoakan'ny PDS. Nanamarika ny filohan'ny sendikà fa hifanentana ny mpiasa ho tonga maro, amin'ny fananganantsaina manoloana ny biraon' ny kaominina, amin'ny alatsinainy ho avy izao. Andrasana izay ho tohin'ny raharaha.

**Mamy R. / V.R.**




**Ny birao fiasan'ny kaominin'Antananarivo Renivohitra. ( Sary tahiry )**




Fifidianana depiote

# Naharay fitarainana 23 ny CENI

Eo am-piandrasana izay lisitra ofisialin'ireo ho kandidà ho solombavambahoaka manerana ny Nosy havoakan' ny CENI, tsikaritra ho miakamidina eny amin'io rafitra mpikarakara fifidianana io ireo nametraka antontantaratasy filatsahan-kofidiana nahintsan'ny OVEC (Sampandraharaha isaky ny distrika miandraikitra ny fandraisana ireo filatsahankofidiana amin'ny fifidianana depiote). Araka izany, nampahafantatra ny teo anivon' ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana fa hatramin'ny omaly dia tafakatra 23 ny fitarainana avy amin'ireo nieritreritra ny ho kandidà nahintsan'ny OVEC voaray sy nodinihana ary nandraisana fanapahan-kevitra teny amin' izy ireo. Raha ny fanazavana avy amin'ny Filoha lefitry ny CENI, Soava Andriamarotafika dia olana teo amin'ny fandoavana ilay anto-bola 20 Tapitrisa Ar no antony nandavan'ny OVEC ny ankamaroan' ireo dosie filatsahan-kofidiana ireo. Araka io loharanom-baovao io hatrany, rehefa nodinihana ireo fitarainana voaray teny amin'izy ireo dia nisy ireo nahazo rariny saingy tsy vitsy ihany koa ireo tsy nekena mihitsy ka namafisina ny fanapahankevitry ny OVEC. « *Tsy nisy nekenay avokoa ny dosien' ireo nanatitra antontan-taratasy filatsahan-kofidiana kanefa tsy nahaloa antobola. Nandraisana fepetra manokana kosa ny antony sy pitsopitson hafa ankoatra io resa-bola io* », hoy Ing. Soava Andriamarotafika Tamin'izany. Nomarihany kosa fa mbola afaka mampakatra ny raharaha eny amin' ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ireo tsy afa-po tamin'ny fanapahankevitra noraisin'io Vaomierampirenena Mahaleotena misahana ny fifidianana io.

**Mamy R.**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### A VENDRE

* Tsenabe Isotry. Trano 2 étages : 16ch, E&E, 1er plan, T&B, QC : 5Md Ar à déb. Tél : 033.73.021.33. (G-BA 797/8-6)

### MIVIDY

* Lamba, poketra, kojan-dakozia, machine, debara, kahie, bisikileta. Mama SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 799/10-4)

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara, sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 793/20-9)

* Lamba, kiraro, vy, fanaka, TV, kojan-dakozia, poketra, debara. Rason. Tél : 034.31.324.79. (G-BA802/15-2)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 798/10-4)

### MAMPIANATRA

* Mampianatra sary. Manao chevalet. Tél : 032.58.580.61. (G-BA 800/6-3)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.22.595.81. (G-BA 788/20-20)

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard… Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (B-BA803/20-2)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 801/6-3)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdue, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 801/6-3)

* Vidange wc fosse septique et perdue, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 801/6-3)

Tsiroanomandidy

# Miaramila hita faty tany anaty rano, nihantona teny ambony hazo ny basiny

*Voalaza fa tao anatin'ny fanarahan-dia ihany koa izy izao hita faty izao.*

Nilaoza-namana iray indray ny fianakaviamben'ny tafika malagasy. Namoy ny ainy teo am-panatanterahana ny asany ny miaramila kilasy faharoa « *S2c* » Randriamampiandra Nantenaina Daniel, marikisa « 24 417 », miasa ao « *élément d'intervention* » avy eny amin'ny Toby Ambaravaranala. Ny alarobia teo izy no hita faty tany anaty rano. Ny basy izay nentiny kosa tsy very fa voalaza fa nihantona teny ambony hazo. Nahitana ratra kely ihany koa ny vatana mangatsiaka an'ity miaramila ity nandritra ny fizahana natao azy. Mbola anatin'ny fanadihadiana ny raharaha ny tomponandraikitra amin' izao. Mbola tsy nazahoana angom-baovao mazava mantsy izay tena nahatonga ny fahafatesan'ity miaramila ity. Voalaza fa tao anatin'ny fanarahan-dia ihany koa izy izao hita faty izao. Raha zohina ny tranga dia ny alatsinainy lasa teo dia nisehoana fanafihana tao Ambaravaranala ambony atsinanana. Nidiran'ny dahalo tao amin'ny tanàna Bongonilaimanja tokony ho tamin 8 ora maraina. Lehilahy iray no maty notapahin-doha, novonoin'ireo olon-dratsy ireo. Ny namany iray kosa avotra sy tafatsoaka. Ankoatra izay dia nisy omby 4 no lasan'ireo dahalo. Nanao ny fanarahandia ny fokonolona sy ny miaramiala vitsivitsy. Ny ampitson' iny dia omby telo tamin'ireo very no hita sy tafaverina amin'ny tompony. Niverindalana ireo mpanara-dia ireo taorian'izay saingy rehefa iny an-dalana miverina iny izy ireo dia voalazafa nifanena tamin'ireo andiam-pokonolona hafa avy tany Ambony atsinanan' Ambaravaranala. Nitaraina ireo fokonolona ny mba hikarohana an'ilay omby anankiray mbola lasan'ireo dahalo. Nangataka ry zareo mba hanatevin-daharana ny fanarahan-dia an'ilay omby mbola tsy azo ireto miaramila.

**Tafahantona**

Noho ny fitarainan' ireo Fokonolona dia lasa ihany iretsy miaramila ka tao anatin' izany no nifanena tamin'ny dahalo tao Analamisakana fokontany Ambararata atsimo, kaominina Fierenana ny mpanara-dia sy ny dahalo. Raikitra ny fifandonana tao samy niparitaka ny rehetra. Nony maraina ny andro vao gaga ireto tafika fa tsy teo andaharana ny miaramila iray dia ny « s2c » Randriamampiandra Nantenaina Daniel. Rehefa nokarohina dia efa vatana mangatsiakan'ilay miaramila no tazana tany anaty rano. Ny basiny kosa hita tafahantona tamin'ny hazo teny amoron-tevana , amoron'Andranobe Antsaboahitra ary mbola teo daholo ireo bala, araka ny loharanom-baovao azonay hatrany.

**Deyland**

Vohibato

## Voaroba ny 4 tapitrisa Ar tao amin'ny " cash point "

Mbola mitohy ny tranga tsy fandriampahalemana ao amin'ny faritra Amoron'i Mania ao. Vao ny alakamisy teo no nisehoan'ny fanafihana mitam-piadiana tao amin'ny tanàna atao hoe Anjanomanana Tsamiavaka, distrikan'i Vohibato. Ireny « cash point » ireny no niharan'ny fandrobana nataon'ny jiolahy. Very tamin'izany ny vola roa arivo sy sivy alina sy dimy hetsy sy efatra tapitrisa ariary (4.592.000 ariary ). Enin-dahy nirongo basim-borona no nanatanteraka io asa ratsy io. Ankoatra ny vola dia nisy finday ihany koa lasan'ireo jiolahy ireo. Tokantrano roa nifanila no nosotasoin' ireo tsy mataho-tody ireo. Misy nitabataba sy nihorakoraka no sady nitoraka ny tranon'ireto mpanao cash point ireto ry zareo.

**Voakapoka**

Tsy tao an-toerana moa ny tompon-trano ka nopitsohin'izy ireo avy hatrany ny varavarana rehetra ary noteren'ireo jiolahy ny tao an-trano hamoaka vola. Nahazoana dimy hetsy ariary ny tao amin'io trano anankiray io. Avy eo nifindra tao amin'ny trano hafa indray ireo dahalo ka nahazoany vola roa arivo sy sivy alina sy efatra tapitrisa ariary. Raha natotaly izany dia 4.592.000 ariary ny vola voaroba tamin'ireo tokantrano roa ireo miampy finday dimy ary entana fampiasa andavanandro. Nisy olona iray ihany koa no naratra teo amin'ny lohany voakapoka tamin'ny zava-maranitra. Nidina tany an-toerana nanao ny fanarahan-dia ny lehiben'ny zana-tobim-paritra niaraka amin'ny zandary roa. Ilay naratra kosa efa nentina amin'ny tobim-pahasalamana ary tsy misy atahorana ny ainy. Na izany aza mitohy ny fanadihadiana ny raharaha.

**Deyland**

Andapa

# Notapahin-drangahy antsy ny tendam-badiny dia nikasa hamono tena izy

Ny alin'ny alarobia hifoha alakamisy tokony ho tamin' ny 11 ora sy sasany alina no nisehoan'ny fifamaliana tao amin'ny tokantrano iray tao amin'ny fokontany Ambomitsinjo, kaominina Ankevaheva, Distrikan' Andapa. Ramatoa iray no namoy ny ainy voatapatenda ary nihosindra tanteraka ny vatany iray manontolo. Nikorontana ambony ambany ihany koa ny tao antrano vokatry ny fifampikasian-tanana teo amin'ny roa tonta. Raha ny fantatra dia ilay andefimandriny ihany no nahavanon-doza nahavanona ny famonoana. Saika hamono tena ihany koa io raim-pianakaviana io rehefa avy namono ka nahafaty ny vadiny. Tsy maty moa izy fa mbola voasakan'ny olona ary efa nentina notsaboina ao amin'ny Hopitaly ao Andapa, amin'izao. Mpampianatra monina ao Ambohimitsinjo Ankevaheva ity lehilahy nahavanon-doza ity. Araka ny angom-baovao dia resaka fividianana tany no niandohan'ny fifamalian'izy mivady ireto, ka samy tsy nahatazona ny hafanampony dia raikitra ady sy ny fifampikasihan-tanana ary niafara amin'izao famonoana feno habibiana andramatoa izao. Raha ny fanazavana ihany dia manan-janaka roa izy mivady ireto. Ny zanak'izy mivady no tonga niantso vonjy tamin'ny mpitandro filaminana. Tamin'izany no nilazany fa maty ny reniny antsoina hoe Rivo Marie Perpetie, 33 taona ary ny Rainy ihany no voatondro ho namono nahafaty azy tao antrano fonenan'izy ireo. Efa mandeha ny fanadihadiana ny raharaha. Andrasana ny tohiny.



Antsy be tao an-trano no namonoam-badiny azy.

**Deyland**

Analaroa

## Rongony 852 g sarona, olona roa voasambotra

Rongony 852 grama no sarona tany Analaroa any anatin'ny distrikan'Anjozorobe ny alatsinainy lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora antoandro. Nahazo loharanom-baovao ny zandary mikasika ny fisiana olona mpivarotra rongony tany an-toerana ka rehefa nandeha nidina ifotony nijery ny zavaniseho ireo mpitandro filaminana dia tratra teo ampivarotana zava-mahadomelina ny lehilahy iray. Mbola nahitana rongony milanja 736 grama tany aminy tamin'io fotoana io. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary notanana tao sy natao famotorana ity lehilahy ity. Fa nandritra ny fakana ambavany azy no nanondroany lehilahy iray hafa izay nolazainy fa mpanao trafikana rongony ihany koa. Nandeha nankany amin'ilay trano voalaza fa ahitana io lehilahy voatondro ny mpitandro filaminana. Hita tao tokoa izy ary nandritra ny fisavana ny tranony dia nahitana rongony milanja 116 grama tao aminy. Nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary ihany koa ilay io. Natao andrimaso tao ary natao famotorana. Nogiazina ihany koa ireo rongony 852 grama tratra ireo. Fantatra fa samy mipetraka any Analaroa ireo lehilahy roa voasambotra. Rehefa vita ny fakana am-bavany an-dry zalahy eo anivon'ny tobim-paritry ny zandary any Ambatomanoina dia hatolotra ny fampanoavana ny raharaha.

**T.H**

MANAL'AZY DE MI'MEME



Antsohihy

# Ramatoa bevohoka notsatohan'ny vadiny antsy, maty ilay zaza tao an-kibony

*Tsy tana ny ain'ilay zaza noho ny ratra be loatra tao anaty kibon'ilay ramatoa.*

Mbola adin'ny mpivady niafara tamin'ny fifamonoana ihany koa ity nitranga tao Ambarijeby, distrikan' Analalava ity. Ramatoa bevohoka iray mantsy no voalaza fa notsatohan'ny vadiny antsy teo amin'ny kibony ny Alakamisy teo. Araka ny fanazavàna azo, raikitra ny fifamaliana teo amin'izy mivady ireto ka tsy tana fa lasa naka antsy ilay rangahy raha efa tao anatin'ny hatezerana mafy iny. Avy hatrany dia nolerany antsy teo amin' ny kibony ilay ramatoa vadiny. Naratra mafy vokatr' izany ity farany ka novonjena nentina haingana tao amin' ny hopitaly ao Antsohihy. Tsy maintsy nandalo fandidiana izy noho ny ratra mafy nahazo azy satria voalaza fa nisy voakasika ny tsinainy. Namoy ny ainy ihany koa ilay zaza tao an-kibony noho ireo ratra nahazo ilay ramatoa. Nisahotaka ny mponina tao an-toerana raha nandre ity tranga nanjo ity renim-pianakaviana ity. Nampandrenesina avy hatrany moa ny mpitandro filaminana, izay efa mandray an-tanana ny raharaha amin'izao.

**Tsy fantatra**

Voalaza fa nitsoaka nandositra ilay rangahy taorian'io namonoany am-badiny io ka efa karohin'ny mpitandro filaminana. Tsy mbola fantatra mazava kosa izay tena antony nahatonga ny adin' izy mivady ireto, izay niafara tamin'izao herisetra mamohehatra namoizana zaza tsy manan-tsiny izao ankoatry ny ratra nahazo ilay ramatoa. Mbola manaraka fitsaboana any amin'ny hopitaly moa ilay ramatoa amin'izao. Asa na efa tsy mahazaka fiainana intsony tokoa ny ankamaroan'ny olona ka lasa manaotao foana ary ao ireo toa mivadika biby mihitsy. Ao ireo entin-katezerana fotsiny ka tsy mahafehy tena ary dia mahavita zavatra tsy ampoizina tokoa. Samy mampivarahontsana avokoa mantsy ireto adin'ny mpivady niafara tamin'ny herisetra nitranga tany Andapa sy tany Antsohihy ireto.

**R.C**

Ambohimanarina

# Ankizy notorahan'ny adala tamin'ny biriky

Raha iny tsy nanam-po na inona na inona iny ity ankizilahikely mpianatra iray teny Ambohimanarina omaly ity no tonga dia notorahan'ny adala tamin'ny tapa-biriky ka voa teo amin'ny lohany. Naratra mafy vokatr'izany ilay ankizy ka nentina haingana namonjy toeram-pitsaboana. Taitra avokoa ny olona teo amin'ny manodidina raha nahita izany ka novonjena haingana ilay ankizy. Ilay adala kosa tsy taitra akory fa toy ireny tsy nanao na inona na inona ireny. Nojereny fotsiny ny fahavoazan'ilay zaza. Nafatotry ny olona avy hatrany moa ilay adala ary niantsoana mpitandro filaminana. Samy nilaza avokoa ireo mponina teny antoerana fa tsy salama saina mpirenireny ity nahavanondoza ity. Tsy vao sambany no nahitàna tranga toy izao amin'ny ataon'itony olona tsy salama saina mirenireny itony. Anisan'izany ny tranga teny Itaosy, izay adala nandratra olona maro tamin'ny « bois rond ». Toy izany koa ilay adala namono nahafaty mpisolovava tany Nosy be. Araka izany dia tena loza mitatao hoan'ny fiaraha-monina tokoa izy ireny ka tokony ho jerena akaiky. Maro amin'izy ireny mantsy no manao herisetra na zavatra tsy ampoizina eny an-dalam-be eny. Tsy afaka miaro tena akory izay tratrany satria asiany tampoka ka ny aza voany ihany.

**R.C**



Nafatotry ny olona ilay marary saina !

Tsiroanomandidy

# Mpivarotra mpitety tsena voatafika, nivadika ilay fiara, maty voatifitra ny mpamily

Fiara mpitondra ireo mpivarotra mpitety tsena no voasakan-dalana afakomaly tokony ho tamin'ny 6 ora hariva tany amin'ny toerana antsoina hoe Antsahatanteraka any Tsiroanomandidy. Nivadika vokatr'izany ilay fiara ary maty voatifitry ny jiolahy ny mpamily. Fa ankoatra izay dia nisy olona efatra naratra ihany koa vokatr'ilay fivadihan'ny fiara ary vola no lasan'ireo olon-dratsy nandritra izany izay tsy mbola voafaritra mazava ny isany. Teny andalana avy any namonjy tsena tany Bemahatazana hihazo an'i Tsiroanomandidy ity fiara mpitondra mpivarotra ity no niharan'ny asan-jiolahy. Efa handeha ho maizina ny andro tamin'io ary somary ratsy ny lalana. Mety efa niandrasan'ireo olon-dratsy ny fandalovan'ilay fiara nitondra mpivarotra. Enin-dahy nirongo basy ireo nanafika tamin'io fotoana io.

*Enin-dahy nirongo basy no nanafika tamin'io fotoana io.*

**Karohina**


Tonga dia nitifitra ilay mpamily ry zalahy ka voa teo amin'ny faritry ny lohany izy. Naratra mafy ka tsy nahatana ny familiana intsony dia izay no nampivadika ilay fiara sy nandratra ireo olona efatra tao anatiny. Taorian'izay dia nalain'ireo olon-dratsy ny vola sy izay zavatra tiany nalaina tany amin'ireo olona ireo ary lasa ry zalahy nandeha nitsoaka avy eo. Efa nampandrenesina mikasika ity fanafihan-jiolahy ity ny mpitandro filaminana ka tonga nidina ifotony tany an-toerana. Efa nentina namonjy toeram-pitsaboana ilay mpamily naratra mafy voatifitra izy saingy teny an-dalana no tsy tana intsony ny ainy. Mitohy ny fanadihadiana sy fikarohana ireo jiolahy.

**T.H**

Maintirano

# Dahalo nanafika nifampitifitra tamin'ny zandary

Nitrangana fahafihan-dahalo indray tao Andrea, distrikan'i Maintirano ny Alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 5 ora hariva. Andian-dahalo nirongo basy no nanafika ary naka ireo omby roa niraoka teo akaikin' ny vavaranon'i Manomba. Nampandre ny fokonolona avy hatrany ny tompon' omby taorian'izany. Vetivety dia vory ny vatan-dehilahy teo an-tanàna ka raikitra ny fanarahan-dia ireo dahalo. Nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana ka tonga nanampy ny fokonolona ny zandary. Tsy lasa lavitra dia nifankatratra tamin'ireo dahalo ireo mpanara-dia ka raikitra ny fifandonana teo amin'ny roa tonta. Nifampitifitra tamin'ny zandary teo ireo dahalo. Vaky nandositra ihany anefa ireto farany ary navelany avokoa ireo omby vao avy nangalariny. Efa naverina amin'ny tompony avokoa ireo. Mbola mitohy hatrany kosa ny fikarohana ataon'ny zandary ireo dahalo amin' izao.



Ireo mpanara-dia nifandona tamin'ny dahalo !

**R.C**

Antsampanana

# Sprinter very hita nisy nanary

Taitra ny olona tamin'ny fahitàna ity fiara sprinter nisy nanary nipetraka teo amin'ny tany malalaka tsy lavitra ny hotely iray ao Antsampanana manamorona ny làlampirenena faharoa iny ny Talata alina lasa teo. Nampiahiahy ny olona izany ka nampandrenesina haingana ny mpitandro filaminana. Rehefa nozahana ny tao anatiny dia tsy nisy olona. Tsy hita ihany koa ny mpamily na dia efa elaela ihany aza no nijanonan'ilay fiara teo. Tsy nisy nahita ihany koa ny olona nametraka azy teo. Mbola hita tao daholo kosa anefa ny taratasin'ny fiara fa ny « auto radio » sy ny jiro ary ny fanamafisam-peo no nisy nangalatra. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa fiaran'olona nisy nangalatra avy aty Antananarivo izy io ary izao hita tany Antsampanana izao. Efa fantatra moa ny tompony ka mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana, izay tena tomponantoka tamin'ny fangalarana ity fiara ity.


**R.C**

## "Tsaroako ilay"...

R.Mamy Olivier

# Latsaka tao anaty "Dalle" teo akaikin'ny Shoprite Ampefiloha

*Randrianjoanimanana Olivier. Fantatra amin'ny anarana maha mpanoratra azy hoe R.Mamy Olivier. Mpiray Faribolana ao amin'ny Sandratra, mpampianatra taranja malagasy any amin'ny Lisera Vatomandry ; mpandinika. Manodidina ny 250 ny tononkalo nosoratany, namoaka boky maro niaraka tamin'ny mpiray faribolana ; efa namoaka boky " Dobok'onja ", " Singan-kevitry ny mpandinika ", " Haren-tsaina " ary efa miala any ny boky vaovao " Zahatra ". Maro ny fahatsiarovany hatramin'ny fahazazany, fa sombiny ihany no hotantaraina eto anio :*



**Nihevi-tena ho mpilalaon'ny Argentine**

Tany Mahajanga no teraka i R.Mamy Olivier. Tany antoerana ihany koa no nandaniany ny fahazazany. Anisan'ny fialamboly sady fanatanjahantena nankafiziny indrindra ny lalao baolina kitra. Rehefa milalao ny ekipan'ny Argentine, dia mahavatra miari-tory mihitsy ny anao lahy na amin'ny firy na amin'ny firy. Nandritra ny fiadiana ny tompondaka erantany tamin'ny 1978, dia miaritra mihitsy izy mijery io ekipany io. Hany ka rehefa milalao miaraka amin'ny namany dia mihevitena ho mpilalaon'ny Argentine mihitsy izy eny ambony kianja. Na any ampianarana aza, rehefa fakan-drivotra dia ny milalao baolina kitra ihany no andaniany fotoana, ka mihevitra ny tenany hoe mpilalaon'ny Argentine izy amin'izany.

**Mankafy mihaino tantara vakian-dRamose Pascal**

Tamin'izy mbola kely, dia fanaony ny mitondra kitapo ngezabe rehefa mandeha mianatra. Naniry ho mpampianatra hatr'izay mantsy izy, dia nantsoin'ny olona hoe Mese le direktera tamin'izany. Ankoatra ny baolina kitra, dia tia mamaky boky ihany koa R.Mamy Olivier ary mandany ny vola tokony hividianana ody ambavafo amin'ny boky sy gazety. Fa anisan'ny fahatsiarovana tsy hadinony tany andakilasy ny ampianarin-dRamose Pascal tao amin'ny Lisea Philibert Tsiranana. Mpampianatra taranja Malagasy izy io, ka isaky ny miditra ao ampianarana dia mamaky tantara foronina foana Ramose ka tsy andriny izay hahatongavan'ny ora hampianaran'io Ramose io. Ny boky « Sikajin'i Dadabe » nosoratan'i Randriamiadanarivo no tena tiany indrindra tamin'izany.

**Latsaka tao anaty "Dalle" teo akaikin'ny Shoprite Ampefiloha**

« *Ny nampiomehy sy nampalahelo indrindra dia : fony nianatra tao amin'ny ENS Ampefiloha Antananarivo aho tamin'ny 1996. Sendra latsak'orana tamin'izay ka dobo rano teny amin'ny lalana Ampefiloha iny. Tsy nahandry nilahatra naka sisiny toy ny olona aho fa nandeha tampovoany, kanjo latsaka tao anaty dalle. Teo ampitan'ny Soprite Ampefiloha amin'izao io izany* », hoy izy. Fa mitohy amin'izay resaka fampiarana izay ihany, saingy efa mpampianatra indray ireto : « *tsaroako ho nahafinaritra ahy ary tian'ny ankizy mpianatro dia miantsa tononkalo iray na roa aho isaky ny mampianatra. Fa ankoatra izay, nampiomehy sy nampalahelo indrindra dia fony nampianatra tao amin'ny Cours Aceem tao amin'ny Lycée JJRabearivelo tamin'i zay. Sendra nanazava lesona aho ka nampandika lesona ny ankizy teo amin'ny solaitrabe dia nipetraka teo ambony dablio iray tao aoriana. Kanjo nentin'ilay dabilio nianjera tamin'ny tany fa ratsy ny tongony* », hoy ihany izy.

**Namoaka boky « Sangodim-pitia »**

« Nanomboka tamin'ny 1984 aho no nanoratra. 17 taona aho tamin'izay. Efa 39 taona nanoratana aho izao. Ny fiarahana niantsa tononkalo tamin-dry Avelo Nidor tamin'ny fankakazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny tononkalo tamin'ny 2004 ka namoahanay Boky "Sangodim-pitia" no fahatsiarovana mamiko indrindra. Tao amin'ny Tranombokim-pirenena Anosy tamin'izay. Faharoa, ny fiarahana nanao vela-kevitra tamin'ny namana toa an-dry Ranoe, Elie Rajaonarison, J Nalisoa Ravalitera, Zo Maminirina, Radialph nitety Faritra maro teto Madagascar koa no nahafinaritra ahy. Boky maro no efa niarahana tamin'ny mpiray faribolana na teto Antananarivo na tany Vatomandry.

**Nangonin'i Fy**

---

Mpakasary matihanina

# Mankalaza tsingerin-taona faha-10 ny UPPM

Asa kanto ny Sary Pika ary zava-dehibe ny fahafehezana azy. Tsy izay rehetra maka sary eny rehetra eny anefa no atao hoe mpakasary matihanina fa ao ireo izay miasa sy manao izany ho asa tahaky ny asa rehetra izay handraisana tambiny. Anisan'ny nisehatra izany nandritra ny 10 taona ny UPPM (Union des photographes professionnels de Madagasikara) na ny vondron'ny mpankasary matihanina eto Madagasikara ary mijoro ara-dalana eo anivon'ny fanjakana malagasy. Hankalaza izany tsingerin-taona izany amin'ny fomba miavaka izy ireo. Omaly no nampahafantarina tetsy amin'ny Radison Blu etsy Ambodivona ny hetsika entin'ny UPPM manamarika izany izay hankalazaina mandritra ity taona 2024 ity ary tsy mifarana raha tsy amin'ny Avrily 2025. Io omaly io ihany koa no nanoritsoritan'ny fikambanana ny antompisiany sy ny tanjony ary ny zava-kendreny. Nisy ihany koa ny fifanoavan-tsonia fiaraha-miasa teo amin'ny Radison Blu sy ny UPPM. Nanombohana ny hetsika omaly ny fampirantiana mikasika ny sanganasan'ny mpankasary ao amin'ny UPPM tetsy amin'ny Radison Blu. Nasongadina tamin' izany ny fiainan'ny olona andavanandro eny anivon'ny fiaraha-monina misy azy eny tsy ny eto Antananarivo ihany fa hatrany amin'ny faritra ihany koa. Hitohy ny asabotsy izao ny hetsika ka hisy ny adihevitra hitondrana ny lohahevitra hoe "Professionalisation du métier de Photographe et Droit à l' image" na adika malalaka hoe *"Fomba ahatongavana ho matianina amin'ny fakana sary sy ny fiarovana sary"* Ahafahana manome alàlana na mandà ny famokarana sy fizarana ampahibemaso ny sanganasan'olona iray izy io. Tsara ho fantatry ny rehetra izany raha ny fanazavana satria maro amin'izao fotoana izao no mipika sary eny rehetra eny kanefa tsy nahazoana alàlana akory. Ankilany, misy ihany koa ireo mampiasa ny sary nalain' olona any anaty tambajotra sy internety any. Misy lalana mifehy izany rehetra izany ka tokony hampahafantarina ny isam-batan'olona. Etsy ny mpankasary matihanina avy ny ivelany kanefa mipetraka eto Madagaskara.. Samy manana ny fahaizamanaony manokana ihany koa ka ao ny avanana amin'ny fakana sary amin'ny fety aman-danonana, fakana sary toerana sy tanana ary vohitra, ao ihany koa ny havanana amin'ny fakana sary tsangan'olona, fanatanjahantena, fampisehoana sy ny maro hafa. Amin'izao fotoana izao ihany koa dia efa misy ny havanana amin'ny fakana sary biby amin'ny toerana samihafa. Amin'ny maha fikambanana ny UPPM dia manana ny birao mandrafitra

*Nanombohana ny hetsika omaly ny vela-tseho sy ranty mikasika ny sanganasan'ny mpankasary ao amin'ny UPPM tetsy amin'ny Radison Blu. Nasongadina tamin'izany ny fiainan'ny olona andavanandro eny anivon'ny fiarahamonina.*

amin'ny Radison Blu moa no hanatanterahana izany velakevitra izany. Sarotiny amin'ny fampiasana ny sariny tsy nahazoana alàlana avy amin'izy ireo ny UPPM. Hanamarika ny fankalazana ihany koa ny hetsika "Mini Marathon Photo" ka ankoatra ny eto Antananarivo dia handray izany ny any Antsirabe sy Toamasina any amin'ny volana May sy Jona any.

**Matihanina 30 mianadhy**

Tsiahivina fa mpankasary matihanina sy mpikirakira sary avokoa ny mandrafitra ny mpikambana ao amin'ny UPPM. Manodidina ny 30 izy ireo amin'izao fotoana izao ary efa miparitaka manerana ny faritra maro eto Madagasikara toy ny any Antsirabe, Fianarantsoa ary Toamasina. Misy ihany koa azy izy ka ny filoha mpitarika amin'izao fotoana izao dia Masy Andriantsoa. fa *"hatrany am-boalohany dia niezaka hatrany tamin'ny fampiroboroboana ny Sary Pika sy ny vaky jery sy ny tontolony ny UPPM. Tamin'ny alàlan'ny fampisehoana sy ranty isan-karazany, fandraisana anjara amin'ny fifaninana ary ny fanatrehana sy fitarihana fiofanana sy ny fifampizarana traikefa no nahazoana traikefa".* Misokatra ho an'ny rehetra ny fiaraha-miasa. Amin'ity fankalazana tsingerin-taona faha-10 ity dia iarahany UPPM amin'ny MSK ny Cabinet Rakotomanana, Pierrot Men kosa no filohamboninahitra ny fikambanana

**Nangonin'i Tiaray R**



**Mijoro ara-dalana eo anivon'ny fanjakana malagasy ny UPPM.**

" DAGO MADNESS BEATZ "

# Fetiben'ny mozika hanasongadina ireo tanora manan-talenta

*Mpanakanto 30 mahery amin'ny gadona samihafa hifampizara sehatra mandritra ny roa andro ka ny Slam, Jazz, Pop Rnb ny handravaka ny andro voalohany raha fanandratana ny Rock sy metaly ny andro faharoa.*



**Anisan'ny mpanakanto handray anjara ry Patrick (Egraygore), Aline Kaloina, Ramian (fils de Mami Bastah), Erica, Big Jim Da sy Tasha.**

Hotanterahina ny 25 sy 26 mey 2024 izao, etsy amin'ny Kianjan'ny Kanto Mahamasina, Antananarivo, ny "DAGO MADNESS BEATZ". Mikendry ny hanome sehatra tsy manam-paharoa ho an' ireo mpanakanto vao misondrotra eto Madagasikara sy hanosika azy ireo ho amin'ny sehatra ara-javakanto vaovao ary hanome traikefa aramozika mampientam-po sy samihafa ho an'ny mpijery ny hetsika. fampisehoana mampivondrona mozika maroloko sy gadona samihafa no oman'ny Ny "OZ REKORDZ" mpikarakara. Mandritra ny roa andro hanatanterahana ny hetsika dia hiova ho sehatra mahasarika sy mahavariana ny Kianjan'ny Kanto, handray ireo mpanakanto manantalenta maro avy amin'ny gadon-kira samihafa. Hisongadina amin'ny andro voalohany ireo mpanakanto toa an-dry Na Hassi – Brouk & Zia amin'ny alalan'ny Slam, ny mozika Jazz iarahana amin'i Onja Luc sy Zara Rajaona, ary koa ny PoP sy ny Soul an'i Tasha sy Aline Kaloina. Ho fanampin'izay, ho hitan'ny mpanjifa amin'ity hetsika goavana ity ny talentan'ny Smart Sample an'i Ranto Niaina, ny gadona mampitambatra an'i Mafonja sy Doug'l, ary koa ny firehetan'i Rolf sy ny RnB Ramian. Ho fanampin'izany, ny fampisehoana Hip-Hop ataon'i Big Jim Da sy M.Ts'Ta izay no hanakatona ity andro voalohany tsy hay hadinoina ity.

Natokana ho an'ireo mpankafy Rock sy Metal ny andro faharoa. Fampisehoana avy amin'ireo mpanakanto toa an-dry Erica Durock, Egraygore, The Hornstone, Djanatt, Hir'aina, Kanna Jihe, Naday, Load, Spirity, Tsiok'ampita, Valahara, sy ny maro hafa. Mampanantena ny mpikaraka fa mampitolagaga ny fahasamihafan'ny mozika Rock sy metaly eto Madagasikara io andro io. Ho fanampin' ny traikefa amin'ny mozika dia hanana fahafahana hankafy sakafo sy zava-pisotro isankarazany ary koa karazana hetsika fialamboly hafa ny mpankafy.

**Tiaray R**

Naël sy Malm

# Hisolo an-dry Wada sy Youngs amin'ilay Live Ambatondrazaka

«*Raha lasa ny mamba misosoka ny voay* » ! Izay no azo ilazana ny zavatra hitranga mandritra ny fampisehoana goavana « Live Ambatondrazaka », izay hotanterahana any an-toerana ny 1 mey 2024 ho avy izao ao amin'ny Espace Laza Ambatondrazaka. Raha tokony ho ry Wada sy Youngs ary i Lico Kininike no manao ny fampisehoana amin'io. Fantatra anefa ankehitriny fa tsy afaka hanatanteraka ilay seho indray ry Wada sy Youngs, ka tsy maintsy nandray fepetra faran'izay haingana ny mpikarakara. Nosoloina an'i Naël sy Malm izy mirahalahy ireo, izay mpanakanto anisan'ny nandrandrain'ireo mpitia zavakanto any an-toerana ihany koa. Tanjon'ny Live Tropical, tompo-nandraikitra ny tsy handiso fanantenana ny mpankafy fampisehoana ka niezaka nitady mpanakanto mifanakaiky sy mitovitovy amin'ireo niala an-daharana ihany izy ireo. Koa raha tarika iray no niala, tarika roa no nasolo, izay samy sangany avokoa. Toa izao ny fanazavana :

« *Efa vita milamina tsara daholo ny fifanarahana rehetra ; efa miparitaka ny afisy sy ny sorabaventy fampahafantarana. Efa nametraka afisy sy banderoles aho tany Ambato momba ny fampisehoana ny 1 mey izao. Niantso ry Wada sy Youngs dia nihaona izahay. Nilaza izy ireo fa misy olana mikasika azy ireo manokana ao amin'ny tarika. Koa niangavy mafy izy ireo satria sao dia mbola tsy milamina hono io olana io mandrapahatongan'ilay daty io satria resaka momba ny mpikambana mihitsy .. Dia nandray fanampahankevitra izahay haka an 'i Naël hisolo azy any Ambatondrazaka amin'io 1mey io satria tena anisan'ny manana hira malaza sy tadiavin'ny olona izy ireo. Ka hanampy an'i Nael sy Liko Kininike ihany koa i Malm. Tsy mbola nandiso fanantenana ny mpankafy fampisehoana izahay Live Tropical* », hoy Tanteli Ralalarison, tale jeneralin'ny Live Production (Tropical Prod ivelan'Antananarivo).

Koa amin'izao fotoana izao, hosoloina manaraka ny artista ihany koa ny afisy sy ny « banderoles » ary ny dokambarotra rehetra. Koa izay efa mipetraka ny afisy dia ho soloina manomboka amin'ny herinandro ho avy io.

Mazava ho azy fa fatiantoka goavana ho an'ny mpikarakara izao fanapahan-kevitry ny artista izao.

**Fy**



**" Mampamangy " izany ry Wada sy Youngs fa ho avy ry Naël, ary tsy handeha " Sôlô " ny lehilahy fa hiaraka amin'i Malm.**

"Club Malagasy Lycée Nanisana"

# Hilalao an-tsehatra ny tantara "Ilay Mpanjakavavy nifikitra tamin'ny nentin-drazana"

Niorina tamin'ny volana Mars 2018 ny Club Malagasy ao amin'ny CEG Nanisana izay tafiditra ao anatin'ilay tetikasa "Peri-parascolaire" an'ny Ministeran'ny fanabeazampirenena. Natao izany ho fampivelarana ny maha olona feno ny mpianatra hampivelarana ny talentan'ny mpianatra eo amin'ny tontolon'ny kolontsaina ary miara-dalana hatrany amin'ny fampianarana. Ahitana izany daholo ny Lycéé rehetra. Ho an'ny Lycée Nanisana dia ny filalaovana tantara an-tsehatra sy ny dihy, hira ary vakodrazana no nimasoan'izy ireo. Manam-pikasana ny hanolotra tantara iray amin'ny teny Malagasy eny amin'ny IKM Antsahavola ry zareo ny Asabaotsy 20 Avrily izao. *"Ilay Mpanjakavavy nifikitra tamin'ny nentin-drazana"* no lohatenin'ny tantara ka ny mpianatra no hamelona izany ho azon'ny rehetra jerena eny an-tsehatra. Araka ny fanazavan-dRatrimoharivololona Fanjaharinaivo, Mpampianatra taranja Malagasy ao amin'ny Lycée Nanisana sady nanoratra ny tantara dia *"tantara maneho ny fifandonana'ny riba malagasy sy ny riba vahiny ity tantara ity. Ny lalan-tsaina nitondran'ny Mpanjakavavy ny fitondrany dia fifikirana amin'ny nentindrazana. Nandimby azy kosa ny zanak'anadahiny taty ao ariana ka nandray ny riba vahiny izay hitany fa tsara. Tetsy ankilany anefa dia mbola nandray ny finoana kristianina indray izy. Niteraka olana teo amin'ny fiarahamonina izany ary sahirantsaina noho ny fifandonana ara-kolotsaina ny vahoaka".* Nanampy azy sy niara-nanao rindran-tsehatra moa Raharivao Miadatsoa Noeline, Mpampianatra Malagasy ihany koa sady mitarika ny Club Malagasy ao amin'ny Lycée Nanisana miaraka amin-dRatrimoharivololona Fanjaharivony. Mandritra ny tantara dia aseho amin'ny alàlan'ny sora-dihy sy hira ary ny vakodrazana ny tantara ka ireo mpianatra ihany no hiangaly izany. Fa ankoatra izay dia misy mpianatra hiantsa tononkalo ihany koa eny antsefatsefany eny.

**Tiaray R**



**Tantara, dihy, vakodrazana no handravaka ny tantara an-tsehatra lalaovin'ny Club Malagasy Lycée NAnisana.**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

INSTAT

# Hitombo avo roa heny ny mponina ato anatin' ny 25 taona raha …

*Natolotra tamin'ny fomba ofisialy omaly tamin'ireo mpiara-miasa rehetra ny boky roa novokarin'ny Instat mombamomba ny mponina.*




**Ny Tale Jeneralin'ny INSTAT Ndremitsara Jean Baptiste Tarzan.**

Nambaran'ny Tale Jeneralin' ny INSTAT Ndremitsara Jean Baptiste Tarzan fa araka ny vina taorian'ny fanadihadiana rehetra natao, hitombo avo roa heny ny mponina eto Madagasikara ato anatin'ny 25 taona. Raha tsy misy ny asa sy hetsika atao mikasika ny fananahana ara-pahasalaman'ny tanora, ny fampiasana fanabeazan'aizana, ny fanatsarana ny harena arak' olona, fanofanana ny zatovovavy latsaky ny 18 taona indrindra ireo any Atsimo sy ireo tena mahantra. Ahiana mety hitombo be aza raha tsy misy fandraisan'andraikitra indrindra. Tsy mitovy anefa na izany aza ny fitombon'ny mponina an-tanan-dehibe sy ambanivohitra satria miteraka betsaka kokoa ny ambanivohitra raha mahazo vahana kosa ny fifindra-monina eny amin'ny tanan-dehibe. Manerana an'Afrika araka ny fanazavany hatrany, mahatratra hatrany amin'ny 4 isanjato ny fitombon'ny mponina. Mihabetsaka anefa ny filana na ara-tsakafo na ara-potodrafitrasa rehefa mitombo ny mponina. Anisan'ny antony ilana ny fanaovana fanisambahoaka ireo voatanisa ireo. Tamin'ny 2018, manodidina ny 25 680 000 ny isan'ny malagasy ary misy ny fanisana mponina biometrika ataon'ny Instat amin'izao mba hahafahana manaraka ny fivoarana. Natolotra tamin'ny fomba ofisialy omaly tamin' ireo mpiara-miasa rehetra ny boky roa novokarin'ny Instat mombamomba ny mponina. Eo aloha boky mirakitra ireo tetikasa hampandrosoana ny antontanisa eto Madagasikara sy ny vokatry ny fanisambahoaka sy fanisana ny mponina. Manakaiky kokoa mpamokatra atontanisa sy mpampiasa atontanisa ny Instat amin'ny fizarana vokatra satria na ny minisitera na ireo mpiaramiasa ara-teknika sy ara-bola ary indrindra ny vahoaka samy mila atontanisa azo antoka avokoa hahafahany miasa sy mijery izay toerana hanaovana tetikasa. Ny asa ataon'ny Instat rehetra ihany koa manomboka izao dia ho hita ao amin'ireo boky ireo. Fiarahamiasan'ny UNFPA sy ny Banky Iraisampirenena, PNUD ary ny minisiteran'ny toekarena sy fitatanam-bola ny nahafahana nanao izao boky mirakitra ny antontanisa izao.

**Nath**

Herinandro iraisam-pirenen'ny infirmiera

# Hanatanteraka rodobe hanakaiky vahoaka ny 6 hatramin'ny 12 may 2024



**Andrianarison Jean Aimé Botosera na i John Love, filohan' ny holafitry ny infirmiera.**

Hiavaka ny fanamarihana ny herinandro iraisam-pirenen' ireo infirmiera amin'ity taona ity. Hisy mantsy ny hetsika maro sy ny fanakaikezana vahoaka ho tanterahin'izy ireo mandritra ny herinandro, izany hoe hanomboka ny 6 hatramin'ny 12 may 2024. Hiainga eto Antananarivo izy ireo ny 6 may 2024 ary hanatanteraka fizahampahasalama maromaro. Anisan'izany ny didimpoitra, fitiliana diabeta, VIH Sida, fijerena ankizy tratran'ny tsifanjariantsakafo. Hihazo an'i Vatomandry ny 8 may, ho ao Brickaville ny 9 may, Toamasina ny 10 may ary any faranana any Foulpointe ny 12 may. Nilaza ny filohan' ny holafitry ny infirmiera Andrianarison Jean Aimé Botosera fa : « *Tsy hijanona any amin'ny hopitaly fotsiny izy ireo fa manakaiky vahoaka amin'io fotoana io. Hatramin'izay, ny 12 may ihany no misy fankalazana fa somary niavaka ny fandaharampotoana amin'ity.* » Lohahevitra entina mandritra izany kosa ny hoe : « Changer des vies. Façonner demain ». Tolotra ara-pahasalamana fanaon'ireo infirmiera no omena maimaimpoana ny vahoaka amin'izay toerana lalovana rehetra. Manentana ireo infirmiera rehetra hiditra mpikambana ao amin'ny holafitra mba hampanara-dalana azy ireo. Anisan'ny mbola olana eto amintsika ny tsy fahampian'ny infirmiera am-perinasa. Raha ny fenitra mantsy, infirmiera iray miandraikitra olona 4 000 saingy ny zavamisy eto amintsika infirmiera iray miandraikitra olona 15 000. Tsy izay ihany fa misy maro ireo misandoka sy manao asan'ny infirmiera.

**Nath**

Dr Rodney Browne

# Roa andro hifampizarana ny haitarika sy fandraharahana ary ara-panahy



**Hitety firenena fito eto Afrika ny Dr Rodney Browne.**

Nigadona teto Madagasikara ny alakamisy teo ny Dr Rodney Browne sy ny ekipany. Mandritra izao fitsidihany eto izao, hihaona mivantana amin'ny mpikambana eo anivon'ny governemanta izy. Manokana roa andro hitafana amin'ny vahoaka malagasy ihany koa anefa izy ny sabotsy sy ny alahady izao etsy amin'ny lapan'ny kolontsaina sy fanatajahantena Mahamasina. Hifampizara traikefa sy fomba hanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana sy ny haitarika ary fitoriana filazantsara mba hampatanjaka ara-panahy ny rehetra. Tolotra maimaimpoana misokatra ho an'ny rehetra izany rehetra izany koa manasa ny malagasy rehetra, na amin'ny finoana inona ho tonga. Nandritra ny fitafana tamin'ny mpanao gazety nandritra ny fotoana nahatongavany, nilaza ny Dr Rodney Browne fa : « *firenena manan-karena na olona na zavaboahary i Madagasikara. Antony telo no hahatongavako eto ka anisany ny hampahery sy hiaro ny vahoaka malagasy indrindra eo anoloan'ny fangejana avy any ivelany rehetra satria azo lazaina fa mbola misy fifehezana avy any Eoropa eto. Raha misy vahiny tonga handraharaha eto dia tsy tokony afaka hanao izay tiany atao izy ireo. Antony faharoa kosa hampahery sy hampatanjaka ny fandraharahana, ny fananganana orinasa satria betsaka ny zavatra azo atao eto ary azon'ny malagasy rehetra atao ny mitrandraka izany. Betsaka sakafo eto saingy ireo vokatra tsara kalitao rehetra tsy mijanona eto fa ahondrana avokoa. Tsy afaka mifaly amin'ny zavatra misy eto ny vahoaka kanefa firenena tena mahavokatra i Madagasikara. Ny sabotsy maraina no hiresaka mikasika izany fandraharahana izany isika. Antony fahatelo kosa dia ho an'ny fiangonana ary mankasitraka ireo rehetra nanohana izahay sy izay miaramiasa amin'ny fiangonana rehetra amin'ny fitoriana ny filazantsara vaovao mahafaly. Isaky ny tolakandro hitafa amin'ny kristianina rehetra indrindra ireo mpanompon'Andriamanitra aho.* » Mba hanamaivanana ny fahasahiranan'izy ireo, hisy ny fitaterana ireo olona rehetra lavi-podiana ka nisoratra anarana rehetra. Firenena 7 no hotsidihiny eto Afrika mandritra izao diany izao ka anisany i Afrika Atsimo toerana niaviany sy Cameroun ary Botswana.

**Nath**

John Love - Filohan'ny ONIM

# 45 ireo olona nisandoka ho Infirmiera efa tratra manerana ny Nosy

*" 45 ireo olona misandoka ho Infirmiera efa tratra manerana ny Nosy hatramin'izao. Araka ny nataonay noho ny samy maha-Malagasy dia tsy niroso tamin'ny fanasaziana sy fanenjehana araka ny lalàna izahay fa: nampanantsoina ireny olona ireny dia nampahafantarina azy ireo ny tokony hataony raha te ho lasa Infirmiera izy ireo. Matoa izy ireo manao an'ity asanay ity dia misy faniriana sy fitiavana ho lasa tena Infirmiera"*, hoy Atoa Andrianarison John Love, filohan'ny Holafitry ny Infirmiera eto Madagasikara taminay omaly. Nomarihan'ity filohan'ny ONIM ity fa : mila mianatra telo taona aorian'ny Bakalorea vao mivoaka ho Infirmiera. Nilaza moa ny ONIM fa efa azon'izy ireo ny mombamomba an'ireo olona 45 izay nisandoka ho Infirmiera ireo ka raha mbola minia manohy ny asa dia tsy maintsy hiroso amin'ny fanasaziana sy hitory amin'ny rafi-pitsarana ny Holafitra. *" Ambarako eto fa na hatrany anatin'ny hopitaly lehibe aza dia misy misandoka Infirmiera, eny na eto Antananarivo Renivohitra aza ary fantatray ireny olona ireny. Ho an'ny mpikirakira radio izao dia mila ianarana telo taona izy ireny vao matihanina ny olona iray mampiasa azy. Misy anefa no nampiofananina tany an'elakelan-trano sy mhafantatr'olona nanao ny asa dia milaza ho matihanina amin'izany asa izany. Hidina ifotony ny Holafitra ato ho ato ka izay olona mbola minia manao hatrany ny asan'ny Infirmiera kanefa tsy manana diplaoma amin'izany dia hiantsoanay mpanao gazety"*, hoy ihany Atoa John Love, filohan'ny ONIM.

**HAR**

Lalànan'ny harena an-kibon'ny tany

# Miteraka ady hevitra ny fitsinjarana ilay tamberim-bidy 5 isanjato

*Samy manana ny fomba fijeriny ireo mpisehatra amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany.*




**Ny Minisitra Rakotomalala Olivier Herindrainy (faharoa ankavanana) miaraka amin'ny solontenan'ireo mpisehatra amin'ny harena an-kibon'ny tany.**

Miandry didy fampiharana ny fehezan-dalàna vaovao mifehy ny harena an-kibon'ny tany. Efa neken'ny besinimaro ny fampiakarana ny tahan'ny tamberimbidim-pitrandrahana ho 5 isanjato, saingy ny fomba fitsinjarana azy no itoeran'ny ady hevitra. Raha ny voafaritra ao anatin' io fehezan-dalàna io dia miverina any amin'ny vondrom-bahoakam-paritra ny 2 isanjato ary any amin'ny fanjakana foibe ny 3 isanjato. Ny avy amin'ny "Chambre des mines" ohatra dia nanamafy fa rehefa nasiana ihany ny fampiakarana dia tokony atao mifandanja ny fitsinjarana azy. Nanitrikitrika kosa ny avy amin'ny fiarahamonim-pirenena fa ny tamberimbidy 3 isanjato miverina any amin'ny fanjakana dia tokony omena ny minisitera na ny rafitra tena mandray anjara amin'ny fampiroboroboana ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany sy ny lafiny sôsialy ary ny tonolo iainana, ka noroson'izy ireo ho isan'ny tokony hisitraka izany ny ONE, na ny Ofisim-pirenena misahana ny tontolo iainana. Nandritra ny atrikasa fakan-kevitra amin'ny famolavolana io didy fampiharana io teny amin'ny MBC (Mining Business Center) Ivato omaly no nivoahan'io fanehoan-kevitra io. Nandray anjara avokoa ireo solontena avy amin'ny fanjakana, ny mpitrandraka vaventy, ny mpitrandraka madinika, ny fiarahamonim-pirenena, ny mpiara-miombona antoka ara-bola sy ara-tekinika, ary ny vahoaka. Marihina fa ny minisiteran'ny harena an-kibon'ny tany tamin'ny alàlan'ny EITI (Extractives Industries Transparency Initiative) eto Madagasikara no nikarakara ity fakan-kevitra ity.

**Andininy miisa 40**

Tonga nanokatra ity atrikasa ity teny an-toerana ny Minisitry ny Harena an-kibon' ny tany, Dr Rakotomalala Olivier Herindrainy. "*Efa tamin'ny 2 oktobra 2023 no navoaka ho manan-kery tao amin'ny gazetim-panjakana ny fehezan-dalàna mifehy ny harena an-kibon'ny tany nasiam-panavaozana. Efa nanaovana fanazavana tamin'ny ankapobeny ity fehezan-dalàna ity, saingy mbola misy andininy miisa 40 ao anatiny, izay tsy maintsy hidirana amin'ny antsipirihany ao anatin'ny didy fampiharana. Tafiditra ao anatin' izany ny momba ny tatarasy fahazoan-dalana, ny sehapihariana volamena, ny mpitrandraka vaventy, ireo haba sy hetra maro samihafa, sns. Tsy maintsy mbola iadiana hevitra any anaty asamboamiera isaky ny lohahevitra avokoa izany. Rehefa voafaritra ny marimaritra iraisana eo amin'ny mpisehatra rehetra dia miroso amin'ny famolavolana ny didy mialoha ny hankatoavana azy eo anivon'ny filankevitry ny minisitra.*", hoy ny Minisitry ny harena an-kibon'ny tany, ny Dr Rakotomalala Olivier Herindrainy. Anisan'ireo fanavaozana goavana nentina tao amin'ity fehezan-dalàna ankoatra ny fampiakarana ny tamberim-bidim-pitrandrahana ny fitazonana ny tahan'ny vola aloa tsy miova mandritra ny 3 taona ho an'ny taratasy fahazoan-dalàna natokana ho an'ireo mpitrandraka madinika sy tsy miova mandritra ny 5 taona ho an'ny fanaovana fikarohana. Nasiana petra-bola farany kely indrindrina tsy maintsy hampiasaina koa ny amin'ny fanaovana fikaroahana ka misy sazy toy ny fampihenana 25 isanjato ny faritra hitrandrahana nahazoana alalana ny tsy fanatanterahana izany. Azon'ny fanjakana atao koa ny misintona ny taratasy fahazoan-dalàna mitrandraka ho an'ireo tsy manao asa mihitsy mandritra ny roa taona.

**R. Muray**

Minisitry ny Toekarena

# Nandray diplaomaty efatra

Nanao tohivakana ny fitsidihana ara-pomba fanajana ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, Rabarinirinarison Rindra Hasimbelo. Diplaomaty efatra no nasesiny noraisina tao amin'ny biraony omaly tontolo andro. Noraisiny voalohany ny solontena maharitry ny OPEC Fund for International Development (OFID), Lewnis Boudaoui. Noraisiny faharoa ny solontena maharitry ny Fandaharanasan'ny firenena mikambana misahana ny sakafo na ny PAM eto Madagasikara, Mamadou MBAYE. Nanarakaraka izany ny Masoivohon'i Grande Bretagne, Sem DAVID William Ashley sy ny mpiaramiasa aminy. Ary farany ny Masoivohon'i Japana, izay notarihan'i SEM ABE Koji sy ny mpiara-miasa aminy. Samy mpiara-miombona antoka amin'ny fampandrosoana eto Madagasikara avokoa ireo rafitra ireto, ka niompana tamin'ny fanamafisahana ny fiaraha-miasa amin' ny ho avy ny lahadinika ankoatra ny fitsidihana nataon' ireto vahiny ireto.



**Ampahany tamin'ireo diplaomaty noraisin'ny Minisitry ny toekarena sy ny fitantanambola.**

**R. Muray**

Fifamezivezena eto an-dRenivohitra

# Hikaon-doha mandritra ny roa andro ireo mpisehatra

Mihasarotra ny fifamezivezena eto Antananarivo Renivohitra. Nankatoavina nandritra ny filankevitry ny minisitra, izay natao teny amin'ny Lapam-panjakana Ivoloha, tamin'ny alarobia lasa teo ny hanatanterahana ny Fikaonan-doha ho an'ny fifamezivezena eto Antananarivo. Amin'ny 24 sy 25 avrily ho avy izao no hanatanterahana azy eo ambany fiahian'ny Minisiteran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny toetrandro. Raha ny tatitra azo taorian'ny filankevitry ny minisitra dia natao hifanakalozan-kevitra, hifampizarana fahaiza-manao ary hanomezam-bahaolana mahomby entina hampiroboroboana ny pôlitikan'ny fifamezivezena an-dRenivohitra ity fikaonan-doha ity. Hoentina mampivondrona ireo mpisehatra amin'ny fitaterana ihany koa ny fanatanterahana azy manomboka amin'ny tomponandraiki-panjakana ka hatramin'ny mpisehatra iraisam-pirenena, mpamatsy vola, vondrona orinasa, sns. Anisan'ny asa andrasana ny famaritana ny tondrozotran' ireo asa hiatrehana ireo fanamby rehetra mifandray amin'ny fifamezivezena mifandraika amin'ny fandrindrana sy ny fitaterana an-dRenivohitra. Anisan'ireo tetikasa maro efa naroson'ny fitondram-panjakana ankehitriny hoentina manatsara ny fifamezivezena eto Antananarivo ny « Fly Over », ny « Train urbain », ary ny teleferika. Mbola tsy hita soritra mazava ny fanatanterahana ny « Fly Over » eny Andohatapenaka sy Anosizato mandraka ankehitriny. Efa vita avokoa ny ankamaroan'ny fotodrafitrasa handraisana ilay « Train urbain » miainga eny Amoronakona miditra ny Renivohitra, saingy mihemotra lava ny fanokafana azy raha efa tamin'ny herintaona no saika nanaovana ny andrana tekinika. Mialohan'ny fetin'ny 26 jona kosa no voalaza fa tsy maintsy handehanan'ny zotra voalohany amin'ilay telaferika. Eo anatrehan'izany rehetra izany, efa sasa-miandry ny vahoaolana avy amin'ny fanjakana ny mponin'Antananarivo, izay efa tofoky ny fitohanam-boivoy lavareny.

*Hotanterahina amin'ny 24 sy 25 avrily ho avy izao.*

**R. Muray**



**Efa mijoalajoala eran'Antananarivo ireo andry lehibe handraisana ny fitaterana mihantoana an-tariby.**

Maevatanàna

# Efatra mianadahy mianaka ireo kandidà hirotsaka hofidiana solombavambahoaka

Ny faha 08 Aprily 2024 no fanaterana farany ny antontantaratasy teny amin'ny "OVEC", hirotsahana hofidiana solombavam-bahoaka eto amin'ny taniny Repoblikan'i Madagasikara. Raha ny ato anatin'ny disitrikan'i Maevatanàna no asian-teny dia efatra mianadahy mianaka izy ireo no handray anjara mivantana amin'izany sy nanatitra dossier teny amin'ny OVEC, ka Rtoa Rasoarimalala Georgette dite Zory kely no nialoha lalana nandrotsaka ny antontan-taratasy, izay kandidà tsy miankina, Ato Raveloson Germain kosa no nanarak'azy, mbola kandidà mahaleo tena hatrany. Randriamiarisoa Jean de la croix dit Debakely no nanatitra fahatelo, izay avy amin'ny kandidà mahaleotena hatrany, ary Ramatoa Ravoninahitriniarivo Mbade Jeanine Gabrielle kosa no namarana fanaterana dossier teny amin'ny OVEC. Izy ireo izany no fantatra fa hisolotena hoan'ny vahoaka ato amin'ny disitrikan'i Maevatanàna, ka ahitana vehivavy roa, efa samy solombavambahoaka tamin'ny fotoan'androny, raha ireo lehilahy roa kosa no vao samy hanao izany.

**Ratantely**

Beanana-Maevatanàna

# Nisitraka fotodrafitrasa vaovao ny CEG

Tontosa tamin'ny Alakamisy faha 11 Aprily 2024 teo, ny fitokanana fotodrafitrasa ahitana efitrano fianarana, izay natrehan'ireo olo manan-kaja sy sivily, miaramila, ary ny solotenan'ny "GESCOD" izay angady nanànana izao fotodrafitrasa izao. Nisitraka fotodrafitrasa vaovao ny kaominina ambanivohitra Beanana, ato anatin'ny disitrikan'i Maevatanàna, ka ahitana efitrano fianarana miisa roa (02), trano famakiam-boky,



rano fisotro madio, herinaritra mandeha amin'ny heriny masoandro, ny ao amin'ny Ceg Beanana, Cisco Maevatanàna. Raha ny vaovao voaray sy hita hatrany dia ny vondrona Eorôpeana no mpamatsy ara-bola, izay tafiditra ao anatin'ny tetikasa " Développement Inclusifs dans l'intercommunalité De Maevatanàna ( DIIMA). Fiaraha-miasa eo amin'ny OPCI volamena Maevatanàna sy ny GESCOD izany.

**Ratantely**

# Teny rehetra teny











## Taratasy ho an-dRamala

### Menaka... !

Any Ramala,

Asa raha mba nahare vaovao mahakasika ilay menaka ianao Ramala ? Mety hamaly avy hatrany ianao hoe " Eny, efa nandre ". Na tsy hanontaniana intsony aza, izay olona mamaly toy izany dia toa efa azo an-tsaina ihany ny menaka eritreretiny amin'izany Ramala. Tsy inona io fa ilay lazaina hoe " menaka mahagaga " novoizina be tao ho ao izay ! Marina fa vaovao nahoraka teto an-tanàna tokoa Ramala ny momba ilay " menaka mahagaga " io ka tsy omena tsiny raha io avy hatrany no tonga ao an-tsain'ny olona izay anontaniana momba ilay menaka. Eto anefa dia aleo hazava amin'ny olona fa menaka sakafo mahazatra, fanendy na fanao amin'ny laoka no naharenesana vaovao horesahina sy tiana hametrahana fanontaniana eto io fa tsy ilay " menaka mahagaga " mety eritreretin'ny sasany Ramala. Saingy izao, na fihinana aza izy dia " menaka hafahafa ". Ny amin'izay indrindra no tiana hisarihana ny sain'ny mpanjifa sy hampitandremana azy. Menaka anaty tavoahangy plastika ihany izy io, mifono taratasy, misy etikety misy ny anaran'ilay menaka, misy sarony ihany koa. Voalaza kosa fa toa hoe tavoahangy plastika efa niasa, hono, no ampiasaina aminy, ary fantatra amin'ny sarony izany. Voalaza ihany koa fa ilay fonony taratasy misy soratra misy ny anaran'ilay menaka dia efa avy nampiasaina. Menaka tsy tena izy hono izy ireny, izany hoe hosoka ! Tao amin'ny tanàna iray tao amorontsiraka atsinanana tao no nahitana azy io vao haingana Ramala, ary efa betsaka satria misy mivarotra. Dia mahita hafetsifetsena tokoa ny mpanao ratsy Ramala, saingy tratra ihany moa izy ireny amin'ny farany. Fa hono ho'aho Ramala, io " menaka hafahafa " hosoka io ve izany ilay vaovao niely teo aloha teo, izay nambaran'ny sasany hoe menaka mankarary io ? Fony mbola tsy fantatra na nampahafantarina ny mpanjifa anie Ramala ity " menaka hafahafa " voalaza miparitaka amin'izao ity dia toa ohatra ny efa nitondra fanazavana namaly izany ihany ny mpamokatra ilay menaka tena izy, izay nanambara fa ara-dalàna ary tsy mankarary izany ny menaka vokariny. Ankehitriny anefa, lasa misafotofoto sy mikorontana ny sain'ny mpanjifa Ramala. Tsy fantatra intsony na misy te hanaratsy fotsiny ilay menaka tena izy jifain'ny olona io dia atao daholo izao zavatra rehetra izao mba hisakanana ny mpanjifa tsy hividy azy. Mety azo eritreretina koa ve Ramala fa mandeha be ny tsenan'ilay menaka tena izy io dia misy mpifaninana any ho any manao izay hanimbana izany ? Ny mahagaga amin'izy ity anie Ramala dia ao anatin'ny fotoana izay ielezan'ny vaovao milaza indrindra fa mankarary ilay menaka tena izy io no misy vaovao hafa koa ampahafantarina ny mpanjifa ankehitriny fa misy " menaka hafahafa " hosoka efa miparitaka any ho any é ! Izany hoe ireto farany ve izany Ramala no mankarary fa tsy ilay menaka tena izy ? Antenaina fa tsy hihinana amam-bolony ny mpanjifa mahakasika ity resaka menaka ity Ramala fa ho fantany eny ihany ny marina. Efa lava izay fa aleo faranana eo aloha ny androany Ramala, amin'ny manaraka indray ny tohiny.

**Ragasy**

# Teny rehetra teny



Fifanaovan-tsonia fiaraha-miasa teo amin'ny Radison Blu sy ny UPPM.



Andriambavilanitra vahiny mipetraka eto Madagasikara sy teratany Malagasy mpikambana ao amin'ny UPPM.



Fanokafana tamin'ny fomba ofisialy ny vela-tseho sy ranty manasongadina ny fiarahamonina malagasy sanganasan'ny UPPM.



Ilaharana sy ijaliana ny rano amin'ny toerana maro eto an-drenivohitra.





Raikitra ny fiofanana manamboatra savony eny Ambohibao Antehiroka ary tamin-kafaliana hatrany no niarahan-dRamatoa Toky, filohan'ny association Mamiratra Antehiroka manampy an'ireo mpikambana ao anatin'ny fikambanana tarihiny eny an-toerana.

## Sarisary zary tenany

**Gravy**




## Hatsikana an-tsary

**Manetinety**




## Masoandro miposaka

**SALAMO 139 : 7-8**


Aiza no hialako amin'ny Fanahinao? Aiza no handosirako tsy ho eo anatrehanao? Na dia miakatra any an-danitra aza aho dia any Hianao; Ary na dia manao ny fiainan-tsi-hita ho fandriako aza aho, indro, any Hianao.

## Indray mipika



Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Toy ny tandroka miaraka aman-tsofina.**

Comme les cornes qui accompagnent toujours les oreilles.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3219**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | 9 | | | | | | 2 | |
| | 4 | 7 | 6 | | 9 | 8 | 1 | |
| | 5 | | | 4 | | | 7 | |
| | 7 | 6 | 4 | 9 | 2 | | | |
| | | | | | | | | |
| | | 4 | 5 | | | | | |
| | | 5 | 3 | | 7 | 4 | 8 | |
| | | | 8 | | | | | |
| | 6 | | | | | 1 | | 2 |

Valin'ny laharana **3218**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 8 | 4 | 2 | 5 | 3 | 7 | 6 | 9 | 1 |
| 6 | 5 | 7 | 2 | 9 | 1 | 4 | 8 | 3 |
| 1 | 3 | 9 | 6 | 8 | 4 | 7 | 2 | 5 |
| 2 | 1 | 3 | 7 | 6 | 9 | 8 | 5 | 4 |
| 4 | 8 | 5 | 3 | 1 | 2 | 9 | 7 | 6 |
| 9 | 7 | 6 | 8 | 4 | 5 | 1 | 3 | 2 |
| 7 | 6 | 4 | 9 | 2 | 3 | 5 | 1 | 8 |
| 5 | 2 | 8 | 1 | 7 | 6 | 3 | 4 | 9 |
| 3 | 9 | 1 | 4 | 5 | 8 | 2 | 6 | 7 |

**HOTSAKOTSAKOINA**

" Toy ny lolo an-jaridaina izay samy manana ny hanitra sy ny loko avoakany ny zanaka ao an-trano. Tsy misy ambany fa samy ambony tombam-bidy. Tsy misy Ikoto na Ikala fa samy tena sarobidy.

Ao ny sasany àry elatra, efa afaka manidina mitsoriaka toy ny tselatra. Ny hafa kosa indray, vao mianatra mandeha, mbola votsa sy malemy ka manidintsidina eny. Tsy misy azo atao latsa-danja, fa samy manana ny maha izy azy, samy raitra, samy manja. Fadio ny hampitaha fa samy manana ny hanitra ho azy, na ny vavy io na ny lahy. "

Ny Vetso (23.10.16)

" Chaque enfant est unique. Les enfants sont comme des papillons dans le vent. Certains peuvent voler plus haut que d'autres, mais chacun d'entre eux vole à sa façon… pourquoi donc les comparer ? Chacun d'entre eux est unique, chacun d'entre eux est beau et incomparable "

Vohémar

# Lehilahy tratra nangalatra maty voadaroka



**Nitarika ny fahafatesany ny vono nihatra taminy.**

Tsy tana intsony ny ain'ity lehilahy iray tokony ho 22 taona izay niharan'ny vono sy daroka rehefa notsaboina tany amin'ny tobim-pahasalamana. Tany anatin'ny distrikan'i Vohémar no nitrangan'izany ny talata lasa teo. Araka ny fanazavana dia voalaza fa tratra nangalatra bateria ralehilahy ka tratran'izao herisetra izao. Naratra mafy izy ary nentina namonjy toeram-pitsaboana saingy noho ny ratra mafy nahazo azy anefa dia tsy tana intsony ny ainy ary izao nitarika tamin'ny fahafatesany izao. Nisy nampandre mikasika ny zava-nitranga ny zandary ka tonga nidina ifotony tany an-toerana nisambotra ilay vehivavy voarohirohy ho nahavanon-doza. Nentina nankany sambava ity farany natao famotorana fa tsy najanona tany Vohémar mba hisorohana ny mety hisian'ny fitsaram-bahoaka. Taorian'ny fizahana natao kosa dia efa natolotra ny fianakaviany ny razana.

T.H

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 038 34 344 34
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 632 - 04 - 24
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Fromage fondu

Zavatra ilaina: ronono1,5 l, ranona voasary makirana 3 sotro, dobera 50g, vovodronono 30g, sira 2 tsongo.

Fikarakarana azy: Atao ambony afo malefaka ny ronono. Tsy avela hangotraka fa rehefa mangorovitsika dia bataina. Asiana ilay ranona voasary makirana ary haroharoina mba hivadika. Tantavanina avy eo dia fihazana hiala ny ranony. Izy mbola mafana iny no alefa ny dobera sy ny vovo-dronono ary ny sira. Asiana roa sotro amin'ilay ranony nofiazana iny dia "miksena" miaraka izy rehetra. Atao anaty boaty dia alefa anaty vata fampangatsiahana.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**13 avril au 19 avril 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-01 - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

**SAMEDI 13 AVRIL 2024**
06.00 : Oran'ny fanantenana
06.35 : Salama va
07.30 : Mahandro ®
08.00 : Dessins animés
09.30 : Film Comédie
11.00 : FAM
12.00 : Météo
12.05 : A Votre Santé
13.30 : Série ®
13.45 : Film Jeunesse
15.45 : Ny Vehivavy
16.30 : Ny hery tsy mahaleo ny Fanahy
17.30 : Art Culinaire avec chef Dino
18.00 : Reportage : Chine-Afrique
18.15 : Fandaharana manokana
18.50 : M/car à l'heure du conservatoire
19.00 : Les infos de Ma-TV
19.30 : NY VAOVAO-N'NY Ma-TV
20.15 : Ankarihary
21.00 : Film Action
23.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
23.45 : Film Dramatique
01.30 : Documentaire
03.00 : Film Romantique
05.00 : Antsam-piderana

**DIMANCHE 14 AVRIL 2024**
06.00 : Amboarampamonjena
07.00 : Les oliviers/SEDERA
07.25 : Feon'ny Pentekosta
08.00 : Kristy mandamina
08.35 : Oran'ny fanantenana
09.00 : Rhefi
09.45 : FJKM
10.45 : FAM ®
12.00 : METEO
12.05 : Vaovao an-tsira
12.30 : SPECIAL LIVE
13.50 : Série ®
15.20 : Film Action
17.30 : Ao anatin'ny rano no misy ny hery
18.00 : Divertissement
18.45 : M/car à l'heure du conservatoire
18.55 : METEO
19.30 : Mahery
20.30 : Film Romantique
23.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
23.45 : Film Dramatique
01.30 : Magazine
03.00 : Film Aventure
04.45 : Mahafinaritra
06.00 : Oran'ny fanantenana

***********

VIVA

**SAMEDI 13 AVRIL 2024**
00.18 : Film
01.55 : Film
04.18 : Clips : Christian Music
04.45 : Clips : Misy raha ®
05.15 : Journal : Viva Événement VM ®
05.55 : Culte : Tsara Taiza
06.00 : Viva prod : Viva réveil
07.30 : Malaïka 2 ®
08.30 : Viva Prod : SABAHELY
08.53 : Série Animation : Kung Fu Panda : The Dragon Knight
09.17 : Film Animé
11.17 : Viva Prod : Point de droit : Ny zoko ®
12.09 : Clips : Misy Raha
12.39 : Film
14.09 : Magazine jeux vidéo : Game in
14.35 : Viva Prod : iLoko ®
14.48 : Film
16.46 : Série comdram-fami : Dr Doogie Kamealoha
17.30 : Music & News : HIT LOUNGE
18.30 : Culte : Mahereza Mahatanjaha
19.00 : Magazine d'information : LALANA
19.20 : Loterie : BET 261
19.30 : Journal : Viva Événement VM
20.30 : Journal : Viva Événement VF
20.50 : Film
23.33 : Film
01.12 : Journal : Viva Événement VM ®
01.52 : PROGRAMME DE LA NUIT

**DIMANCHE 14 AVRIL 2024**
01.52 : Film
03.12 : Film
04.44 : Journal : Viva Événement VM ®
06.00 : Culte : Teny Soa Mahafaly
11.30 : Music & News : HIT LOUNGE ®
12.22 : Variétés : SABAHELY ®
12.35 : LIVE : Live Simple plan
15.35 : SERIE : Bloodhounds
16.35 : Série Téléréalité : Manifest
17.17 : DO ou DA : Le Gendarme de Saint Tropez 1964
18.51 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
19.20 : Loterie : BET 261
19.30 : Journal : Viva Événement VM
20.30 : Journal : Viva Événement VF
20.50 : Film
22.41 : Film
23.37 : Journal : Viva Événement VM ®
00.12 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

*****************

## TELEFAONINA ILAINA

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

## TSIPAKA

Nanomboka tamin'ny alakamisy ary nifarana omaly tetsy amin'ny kianja Barea, ilay zaikabe nasionaly ho an'ny eo anivon'ny federasiona Malagasy ny baolina kitra.

**Nangingiana !**

Tsy toy ny tamin'ireo zaikabe nasionaly nisy tany aloha rehetra tany no nitranga tamin'ity, fa somary nangingiana. Tsy nahazo fanasana hanatrika izany ny mpanao gazety, izay tsy fantatra mazava aloha ny antony kanefa dia nanana vahiny manan-kaja maro avy any ivelany ny FMF nanome voninahitra ity hetsika ity. Eo no mahalasa ny saina hoe, inona no antony sa misy zavatra tsy tiana horesahana amin'ny mpanao gazety ! Anisan'ny vaovao mafana ary tena andrasan'ny mpankafy ity taranja baolina kitra ity, ny mahakasika ny « homologation » ny kianja Barea, izay samy manana ny filazany ireo mpisehatra eny anivon'ny tambajotrantserasera ka tsy fantatra intsony izay tena marina. Ny mpanao gazety irery ihany anefa no afaka manambara ny zava-misy marina, noho izy afaka manontany mivantana ny filohan'ny federasiona. Tsy tanteraka aloha izany tamin'ity fa dia mijanona honohono fotsiny ihany ny zava-misy. Raha ny fahafantarana ny filohan'ny FMF amin'izao anefa dia olona tia miserasera sy miresaka amin'ny mpanao gazety fa tsy sanatria ilay mpanao tongotra ankatoka ireny vao mahita ny mpisehatra amin'ny haino vaky jery. Eo indrindra no mahalasa ny saina hoe sao dia ny olona na tomponandraikitra nampisahanina ny serasera nandritra izany no tsy nanao ny asany ara-dalàna, izay afaka nanontany tsara ireo olona efa zatra sy niandraikitra iznay tany aloha. Vao haingana rahateo no nisy ny fanamarinana sy fanadiovana ny lisitry ny mpanao gazety ara-panatanjahantena teny anivon'ity FMF ity, saingy iny izany aloha no vokatry ny fiovana nivaingana !

Rabenaivo

## PASI PASI

Soloniaina Josiane Patricia

# Nanara-dia azy mivady nanao tolona avokoa ireo zanany

*Saika ahitana fianakaviana milona anatin'ny fanatanjahantena avokoa ireo taranjam-panatanjahantena eto amintsika. Ho an'ny anio manokana, fianakaviana eo anivon'ny taranja Tolona no nosafidianay hampahafantarina antsika eto amin'ny PASI PASI.*

***Gazetiko :*** Anaranao feno.
***SJP :*** Soloniaina Josiane Patricia
***Gazetiko :*** Firy taona ianao dia mbola manao spaoro ve, inona ilay spaoro atao ?
***SJP :*** 45 taona, mbola manao spaoro ary efa mpanazatra nasionaly amin'ny taranja Tolona
***Gazetiko :*** Nanomboka firy taona ianao no nanao spaoro ?
***SJP :*** Nanomboka 16 taona
***Gazetiko :*** Firy ny zanakao iza avy dia manao spaoro daholo ve ?
***SJP :*** 3 ny zanako dia Andriamalala Antonio, mpanao Tolona sy Andrianiaina Mirindra Alicia mpanao Tolona ry Andriamalaza Maherinirina Armero, mpiangaly ny taranja Tolona ihany koa.



Tena miara-miaina ao anatin'ity taranja Tolona ity izy mianakavy ireto.

***Gazetiko :*** Noterena sa efa tao anatin'ny ràn'ny zanakao ny spaoro ?
***SJP :*** Tsy noterena ireo zanako ireo fa efa tiny sy tao anatin'ny ràny, ny vadiko, Andriamalala Bernard ihany koa dia mpanao ity taranja Tolona ity, izy ihany koa no nahalalako ity taranjam-panatanjahantena voalohany.
***Gazetiko :*** Efa nisy voantso handrafitra ny ekipam-pirenena ve ny zanakao ?
***SJP :*** Antonio no efa voantso nandrafitra ny ekipapirenena tamin'ny Lalaon'ny Nosy 2023 natao teto amintsika teo iny, nandrombaka medaly volamena izy.
***Gazetiko :*** Ahoana izany hoe miaraka manao fantanjahantena ny fianakaviana izany ?
***SJP :*** Fahafinaretana sady fialamboly no sady fitazaina ihany koa
***Gazetiko :*** Inona no fialambolinareo mianakavy ?
***SJP :*** Miaraka mijery lalao ara-panatanjahantena amin' ny fahitalavitra, sy manao daomy.
***Gazetiko :*** Fanentanana ataonareo ho an'ny fianakaviana mba hanao spaoro.
***SJP :*** Manentana ho an'ireo fianakaviana izay mbola tsy ao anatin'ny spaoro mba anao fanatanjahatena, fa tsara ny spaoro, izay sady manabe no mitaiza, ary manampy antsika amin'ny ara-pahasalamana indrindra maha- tanora ihany koa.

Rabenaivo

Tsipy kanetibe - Amboaran'i Madagasikara

# Nampiantso ireo voakasiky ny disadisa ny FSBM

Mbola mitana ny sain'ny maro indrindra ny eo anivon' ny tontolon'ny taranja Tsipy kanetibe, ny zava-nitranga tany Antsirabe, nandritra ny fiadiana ny Amboaran'i Madagasikara farany teo. Raha ny vaovao farany dia amin'ny alarobia 17 avrily hoavy izao no nampanantsoin'ny FSBM ireo voakasika amin'ity raharaha ity dia ny mpitory ABMI andaniny sy ny UBM toriana ankilany. Inoana, efa nanao fanadihadiana ny FSBM tao anatin' izay fotoana izay ka ho fanamarinana sy fanamafisana izany fotsiny no hitranga amin' io. Raha ny toe-javatra toy izao, mialoha ny hamoahana ny fanapahan-kevitra, tsy maintsy mampiantso ireo olona na klioba voakasika toy izao ny FSBM, hahafahany mitondra vetin-kevitra hamahana ilay olana na disadisa mety hitranga aorian'ny famoahana ny didy. Raha hiverenana, nanaraka tsara ny antanantohatra ny klioban'ny ABMI, ka efa nandefa taratasy fitarainana teny anivon'ny ligin'Analamanga izy ireo. Ity farany izay namaly sy nandefa taratasy eny anivon'ny FSBM tamin'ny 9 avrily teo fa tsy manana fahefana amin'izany, noho izy ireo tsy mpikarakara ny fiadiana ny amboaran'i Madagasikara sady tsy manana ireo antontan-taratasy rehetra ilaina amin'ity raharaha ity. Ho fantatra amin'io herinandro ambony io izany ny mahakasika ity fifanolanana teo amin'ny klioban'ny ABMI sy ny UBM ity, izay antenaina mba hitondra fitoniana ho an'izany taranja Tsipy kanetibe izany ny fanapahankevitra hivoaka eo.



Ireto klioba ireto no niatrika ny lalao famaranana teo iny.

Rabenaivo

## AKON'NY FANATANJAHANTENA

**Rugby –Ekipam-pirenena**

**Miofana ny Makis lahy sy vavy U-18**

Nanatanteraka fampiofanana ireo Makis latsaky ny 18 taona lahy sy vavy ny teo anivon'ny Malagasy Rugby omaly tetsy amin' ny toeram-piofanana Andohatapenaka. Maromaro ireo lohahevitra nozaraina sy nampahafantarina azy ireo nandritra izany, toy ny fitsirihana atao momba ny fandraisana sy fihinanana zavatra mampatanjaka, ny ara-pahasalamana, ny fanomanana ireo olona hiditra hilalao Rugby sy ny fikarakarana arabatana ny mpilalao tanora. Fanomanana sahady ireto tanin-ketsa ireto amin'ny fiatrehana ny fifaninanana AROI 2024 izao.

**Basket – « All Step »**

**Kianja 4 no handray ny fifaninanana**

Hitohy izao faran'ny herinandro izao, ny fifaninanana « All Step » andiany voalohany, eo amin'ny taranja Basketball. Kianja 4 (LMA, Andohalo, LJF, LJJR) no hampiantrano izany, izay tsiahivina fa lalao natokana ho an'ireo Lisea eto amin'ny ligin'Analamanga. Toy izao no fandaharam-potoana rehetra. 13/04 – Kianja LMA Ampefiloha : 8ora30mn – (L) LMA # ISF, 10ora : (V) LMA # ISF. Kianja LJF : 8ora 30mn – LJF # Pere Pedro. Kianja LJJR : 8ora 30mn – (L) LJJR # Nanisana. Kianja Andohalo – 8ora 30mn(L) : Andohalo # Ste Chantal, 10ora – (V) Andohalo # SFX.

Rabenaivo

# TSARA HO FANTATRA

Poon Vonimanitra Ramarojaona

## 16 taona nilalaovana basketball atsy Maurice, 4 taona tamin'izany ny naha matihanina azy

Rehefa avy nampiasa ny fahaiza-manaony tamin'ny basket -ball teto an-tanindrazana i Poon Vonimanitra Ramarojaona, dia nantsoin' ny ekipan'ny Sylver Star Club-n'ny Quatre Bornes any Maurice (S.S.C.Q.B) nanantevin-daharana azy, nanomboka tamin'ny taona 2008 ka hatramin'ny 2010. Mialoha ny hitaterana ny zava-bitany tany Maurice, dia marihina fa efa feno 16 taona katroka no nilalaovany tany amin'ity firenena ity ka ny 4 taona tamin' izany no naha mpilalao matihanina azy. Tao anatin'ny roa taona nilalaovany tao anatin' ny ekipan'ny S.S.C.Q.B dia tahaka izao ny dingana vitany: 2008 - 2009 : Naha tompondaka lefitry azy tamin' ny fifaninanam-pirenena maorisianina ; 2009 - 2010 : Nisalotra ny anaram-boninahitra tompondaka lefitra faharoa. Tamin'ny taona 2011 – 2012 dia nifindra lasy tany amin'ny ekipan'ny Mer Rouge Sporting Club (M.R.S.C). Ny taom-pilalaovana 2010-2011 ny M.R.S.C, dia mbola voahosotra ho tompondaka lefitra tao amin'ity firenena ity ihany koa. Niampy ny fandrombahany ny amboara niadiana ny " Republic Cup". Tsy vitan'izany ihany fa nitohy tamin'ny taom-pilalaovana 2011-2012 ny naha tompondaka lefitra fanindroany ny ekipan'ny M.R.S.C. Noho ny fahaiza-manaon'i Poon



Anisan'ireo mpilalao andrin'ny REAL i Poon.

tamin'ny toeran'ny "ailiere - arrière poste", nitanany ny laharana faha-7 hatrany, dia nalain'ny ekipan'ny Union Beau Bassin -n'ny Rose Hill (U.B.B.R.H) koa izy. Roa taona nilalaovany tamin'ity ekipa ity (2013 - 2015) dia voahosotra tompondaka tamin'ny taona 2014. Tsy namelany koa raha tsy azony ny amboaran'ny tompondakan'ny " Coupe des Clubs Champion de l'Ocean Indien (CCOI)", izay natao tany Seychelles. Tamin'ny taompilalaovana 2015-2016, dia nitohy hatrany ny naha tompondaka an'i Maurice ny U.B.B.R.

**Andrin'ny REAL i Poon**

Tsy tana tao anatin'ny U.B.B.R intsony i Poon Vonimanitra Ramarojaona tamin'ny taona 2016 ka mandrak'izao fa mampiasa ny fahaiza-manaony amin'ny ekipan'ny REAL, izay nisalotra ny anaram-boninahitra ny maha tompondakan'ny " Republic Cup 2016 " avy hatrany. Nitohy hatrany ny fahombiazana azony, ka tsy namelan'ny ekipa ihany koa raha tsy azony ny amboara tamin'ny tompondakan'i Maurice tamin'ny taompilalaovana 2016-2017. Mbola niampy ny amboara tamin'ny " Republic Cup 2017 " ihany koa izany. Rehefa nahazo ny taratasy maha teratany maorisianina azy i Poon, dia nantsoin'ny mpanazatra niaro ny "voninahi-pireneny" tamin'ny Lalaon'ny Nosy 2019, izay nahazoan'i Maurice ny medaly alimo. Nandray anjara tamin'ny fifaninanampirenena maorisianina FIBA 3x3 izy tamin'ny taona 2020 ka azony ny amboara sy ny medlay volamena niadiana tamin'izany. Nitohy hatrany koa ny fahombiazana azon'ny ekipany tamin'ny naha tompondakan'ny " Republic Cup 2021" azy. Tamin'ny taom-pilalaovana 2022-2023 dia mbola azon'ny REAL ihany koa ny amboaran'ny tompondakan'i Maurice. Soritana fa nandritra ny fotoana nilalaovany tany Maurice, dia indroa ny tenany no niatriaka Lalaon' ny Nosy. Tamin'ny taona 2019 ny voalohany, ary 2023 natao teto amintsika ny faharoa. Mpaminany tsy masina an-taniny e ! Tamin'ity taona ity dia mbola norombahan'ny ekipa nilalaovany fanindroany ihany koa ny amboaran'ny FIBA 3x3, izay natao tamin' ny sabotsy 6 aprily 2024 lasa teo iny. Manambady izy. niteraka vavy tokana. Ezahany ampianarina teny Malagasy ny zanany. Ny tenany kosa dia efa mahafehy tsara ny teny kreola. Ankoatra ny maha mpilalao matihanina an'i Poone, dia miasa ihany koa izy any an-toerana. Mitana andraikitra ambony amin'ny orinasa maorisianina ka ny fikirakirana vola no sahaniny amin'izany (comptable). Ampatsiahivina fa tamin'ny taona 2008 ka hatramin'ny 2012 no naha mpilalao matihanina azy. Rehefa nanomboka niasa izy tamin'ny 2013 dia nataony vadin'asa ny filalaovana basket -ball, izay nitetezany ekipa maro. Noho ny fahaiza-manaony an'ity taranja ity dia nifandrombahan'ny ekipa maro any Maurice ny tenany, manatevin-daharana azy. Kilalao tena tiako ny basket-ball, hoy izy, ka tsy afa-miala amin'ity taranja ity intsony. Araka izany dia tafiditra ao anatin' ny fandaharam-potoanany isan'andro mihitsy ny fanaovana fanazarantena, izay nanteriny fa tsy mirindra ny fiainany raha tsy manontona baolina basketball. Tsiahivina fa teto amintsika dia maro ny ekipa efa nilalaovany, toy ny LTC Ampefiloha, fony izy mbola nilalao tany an-tsekoly - TAM Anosibe, sokajy "junior" - Stade Olympique de l'Emyrne - FANDREFIALA - Mega Informatique Toamasina. Nandritra ny niatrehany fifaninanana teto amin'ny firenena, dia tompondaka lefitra hatrany no azony tao anatin' ireo ekipa voatanisa ireo.

**aris rafaly**



Tsy vaovao amin'ny filalaovana FIBA 3x3.

Basket - "Super Coupe U12F"

## Hiatrika ny lalao famaranana ny ekipan'ny Fandrefiala sy MB2ALL

Tanterahina anio tolakandro, eny amin'ny kianjan' Anosisoa Ambohimanarina, ny lalao famaranana amin'ny " Super Coupe" ho an'ny sokajy latsaky ny 12 taona zazavavy, izay hifandonan' ny ekipan'ny Fandrefiala sy ny MB2ALL. Tsy kisendrasendra no nahatongavan'ireo ekipa roa tonta ireo amin'ny famaranana fa anisan'ny sekolin'ny basketball, mamokatra mpilalao kalaza amin'ity taranja ity eto amin'nyfirenena izy ireo. Aorian'ny fihaonan'ny ekipa roa tonta ireo, dia ho tontosaina ihany koa ny lalao famaranana " Pré - Saison N1B" vehivavy, izay hifanaovan'ny ASA sy ny Lucadro. Efa ela no niandrasan'ny mpankafy basket-ball ny fihaonan'izy ireo. Mialoha an'izany lalao famaranana rehetra izany anefa dia mitohy hatrany ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny Section Basket -Ball Antananarivo Renivohitra 2023-2024. Tahaka izao ny fandaharampotoana amin'izany : 8 ora : "U18F"/Cosfa # MBC 67 ; 9 ora sy 30mn : "U18G"/ Mmbc # Bfft ; 11 ora : "U20F"/ Aca # Mb2All ; 12 ora sy 30mn : "U18G"/ Fbc # Sniper ; 2 ora : "Finale U12F"/ Fandrefiala # Mb2All ; 3ora sy 30mn : "Finale Pré - Saison N1BD "/ ASA # Lucadro. Hitohy eny amin'ny kianja Antsararay Ambohimanarina ny lalao fifanintsanana : 8 ora: "U18G"/ Ast # Ccb ; 9 ora sy 30mn : "U18G"/ Ambb # Bcr; 11 ora : "U18F"/ Assm # Sepa Tana ; 12 ora sy 30mn : "N2BH"/ Lucadro # Jap Mada ; 2 ora : "U18F"/ Cbbt # Jcba ; 3 ora sy 30mn : " U18G"/ Jcba # Cbbt. Toraka izany koa ny alahady 14 aprily 2024 - Kianja Toby / 8 ora: "N1BD - 1/8 F"/ Sepa # Fbc - Ast # Esi - Asa # Cosfa - Assm " Mb2All - Akamasoa # Bci ; Kianja Toby 2/ 8 ora: "N1BD - 1/8F"/ Aca # Gio Sao; 9 ora sy 30mn : "U20G"/ Assm # Fandrefiala; 11 ora: "SV H"/Assm # Bcr ; 12 ora sy 30mn: "U20G '/ Bcr # Esi; 2 ora : "U20G "/ Ast # Ccb ; 3 ora sy 30mn: "U20G"/ Asa # Mmbc Kianja Analamahitsy 8 ora: "U20G"/ Dtsc # Cbbt; 9 ora sy 30mn :" U18G"/ Snipers # Cospn; 11 ora: "N1BH"/ Maroliona # Ambb; 12 ora :"U10G"/ Tacbb #:Akbb ; 1 ora 30mn:"U18G"/ Akbb # Tacbb; 3 ora : "U20G"/ Mb2All # Nbe.

**aris rafaly**

### ANY IVELANY

***Thierry Henry / Blaugrana.*** - Manoloana ny ezaka sy ny dingana vitan'ny FC Barcelone, ekipa nilalaovan'i Thierry Henry taloha, dia midera ny fomba fitantanan'i Xavi, niaranilalao taminy fahiny tao anatin'ny « Blaugrana », ity teratany frantsay kintan'ny baolina kitra fahiny ity, izay nokilasiany ho anisan'ny mpanazatra tsara sy mahay. Tany am-boalohany aho, hoy izy, dia niahiahy ihany amin'ny fomba hitantanany ny Barca. Noho ny voka-dalao azony, dia maro ny nanakiana sy nitaky mihitsy aza ny andehanany. Rehefa nihatsara anefa ny filalaony ka nahazoana fahombiazana tsara, dia nilaza indray ny mpomba ny ekipa fa tsy avotsotra i Xavi. Tsy fomba ohatran'izany, hoy izy, no hitsarana ny mpanazatra, izay nampiohariny tamin'ny nahazo an'i Arteta tao amin'ny Arsenal, nandritra ny roa taona nitantany an'ity ekipa britanika ity. Tsy mihambahamba mampilalao tanora i Xavi, hoy izy, ary efa manomboka mioty vokatra tsara

**a.r**